AMBATOMAINTY - TANA V 4

# NOVELEZIN'ILAY ADALA HAZO NY LOHANY, MATY ILAY RANGAHY

MARINA IZANY ! 7

## MIVARO-PANANANA !

LALAO AFRIKANINA 2024 16

## ISAN'NY MPITSARA I BRUDO ROMUALD




Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7820 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 13 martsa 2024


PFL 2023-2024 15

## SARO-TOERANA NY AJESAIA

PASI PASI

TOUBIH 16



## FILOHANA KLIOBA MBOLA MIARA-MIKOTRANA AMIN-JANANY

CHRISTINE RAZANAMAHASOA 7

# TSY NY RAFITRA NO OLANA FA NY OLONA



MISS - MISTER ILE VERTE MADA 3

## LANY TETO ANALAMANGA I DIARY SY LALAINA

MERCY SHIPS 11

## HATRAMIN'NY 29 MARSA NY FISORATANA ANARANA

KOLEKTIFA AN'NY MALAGASY 8




# HANAO FANAMBARANA MIARAKA NY ZOMA HO AVY IZAO




Tarika Mahaleo

# Vonona hanome hafanana ny mpankafy etsy Antsahamanitra

*Tsy hitovy amin'ny ray aman-dreninay ny taranany, ary tsy hahasolo ny zavatra nataon'izy ireo fony fahavelony, fa miezaka kosa ny hamelo-maso ny kanto napetrany.*



Hira 60 no nomanin'ny tarika Malahelo ho an'ny mpankafy amin'ny alahady.

Tonga ny fotoana nandrasan'ny mpankafy. Ny alahady izao hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro indray no fotoana iarahana amin'i Dama sy Bekoto tarika Mahaleo etsy Antsahamanitra. Ho avy hanampy sy hihira ny hiran'ny tarika Mahaleo ihany koa ny taranak'izy ireo. Araka ny fanazavana dia efa mitombo ny traikefan'izy ireo, mahafehy tsara ny fitendrena sy ny fampiaraham-peo ry zalahy. Nanao izay ho afany tamin'ny fampianarana azy ireo ihany koa i Dama sy Bekoto sy ireo mpampianatra mihira sy fisehoana an-sehatra. "Tsy hitovy amin'ny ray aman-dreninay izahay ary tsy hahasolo ny zavatra nataon'izy ireo fony fahavelony, fa miezaka kosa ny hamelo-maso ny kanto napetrany », hoy Popoly. Samy manana ny andraikiny ry zareo ao amin'ny Tarika Mahaleo, saingy ny fahasamihafana kosa no mampiray azy ireo. Ho avy ao i Maharo Solofondraosolo, Zanak'i Dama, sy Rado Rajaonarison Zanak'i Fafa, Rabekoto Popoly zanak'i Bekoto, Tahina Andrianaivo zanak'i Charles. Ankoatra ny fanaovana feo lafika dia hitendry gitara ihany koa ry zalahy. Hanampy azy amin'izany i Tojo Guitariste. Hijery sy hanaraka ary hanampy tosika any ambadiky ny sehatra kosa ny zanak'i Nono sy Raoul.

### Hira tsy latsaky 60

Araka ny fanazavana dia hira 60 notsongaina manokana no hatolotra ny mpankafy amin'io fotoana io, ary haharitra eo amin'ny adimpamataranandro 5 eo ny fampisehoana. Voalahatra ho isan'ireo hira ataon'izy ireo amin'ny alahady ry "Maianatra misiantaka", "Asio siramamy", "Hanaraka Anao" sy ireo hira nahafantarana ny tarika nandritra izay fotoana maro niarahany tamin'ny mpankafy izay. Hivoha amin'ny 12 ora antoandro ny vavahady mba hialana amin'ny fifanosehana. Ny Alo Alo Event, izay efa matihanina amin'ny fikarakarana lanonana, no miaraka amin'ny tarika Mahaleo amin'io alahady io. Ny tapakila kosa dia efa namidy mialoha, ka raha ny fanazavana dia efa lany ny tapikala VIP fa ny famandrihana sy ny tapakila tsotra sisa, saingy efa madiva ho lany ihany koa. Ho an'izay mbola tsy nahazo dia afaka manjifa izany amin'ny alalan' ny rindram-baiko Ticket Place sy eny amin'ny toerana misy ny Boutique Mass'in eny amin'ny Akoor Digue, La City Ivandry, Smart Tanjombato sy Ankorondrano, ary etsy amin'ny Nect'Art Ankaditapaka, ary amin'ny andron'ny fampisehoana. Rehefa tapitra kosa anefa ny toerana dia mihidy ny vavahady.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Matanja-tsaina aho, kanefa indraindray, mila namana hitantana, namana afaka hampahery sy tsy mamela ahy ho irery. »

**Ny Vetso (21.01.16)**

("Je suis une personne forte, mais de temps en temps, j'aimerais que quelqu'un prenne ma main et me dise que tout va bien se passer.")

"Viavy Film Festival"

# Lohahevitra 5 no hatolotra ny mpiofana

Ny 15 sy 16 marsa izao ny fiofanana sy fizarana traikefa atolotry ny mpikarakara ny hetsika « Viavy Film Festival ». Mandritra ireo roa andro ireo dia lohahevitra 5 goavana no atolotra ny mpandray anjara amin'izany, ka mpampiofana 5 efa matihanina sy manana traikefa eo amin'ny fanodinana sy fanatontaosana, fanoratana sarimihetsika no hanolotra izany, ary tsy misy ny saram-pisoratana anarana fa natao maimaimpoana avokoa. Etsy amin'ny Canal Olympia etsy Andohatapenaka daholo moa no hanatanterahana ny fiofanana rehetra mandritra ireo roa andro ireo. Ny 15 marsa manomboka amin'ny 1 ora sy sasany dia hiompana amin'ny fampahafantarana sy fijerena mikasika ny asa sy andraikitra ao anatin'ny Sarimihesika no atao, ka i Tovoniaina Rasoanaivo no hizara ny traikefany amin'izany. Amin'io datin'ny 15 marsa io, saingy hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro kosa, no hizaran'i Andry Rakotoarivony ny fahaizany noratoviny mikasika ny « hazavana ilaina amin'ny fanodinana sarimihetsika ». Hitondra ny traikefa mikasika ny « fomba fiteny anaty sarimihetsika kosa i Feno Mahery Ramaholison.

### Hifarana rahampitso

Ny andro faharoa, ny 16 marsa, kosa dia hiompana amin'ny fomba fanoratra sy ny fanatontosana horonan-tsarimihetsika no hanombohana ny fiofanana amin'ny 2 ora tolakandro, ka i Yves Hanchar, manam-pahaizana manokana momba ny sinema, no hitondra ny traikefany. Ity farany moa dia sady Malagasy no Frantsay ary efa betsaka ny fiofanana sy ny fianarana noratoviny mikasika ny sinema sy ny tontolony. Hifanindran-dalana amin'izany ny fizaarana traikefa atolotr'i Andry Ranoarivony mikasika ny teknika fomba fandraisam-peo rehefa manodina sarimihetsika. Mila misoratra anarana mialoha fotsiny izany maniry ny handray anjara ka ao amin'ny pejy fesibokin'i « Viavy Film Festival no ahitana ny pitsopitsony momba izany, fa rahapitso alakamisy izao no farany.

**Tiaray R**

Seranam-piaramanidina Ivato

# Tafiditra ho isan'ny tsara indrindra maneran-tany

Nanokatra fifaninana ho an'ireo seranam-piaramanidina misy mpandeha latsaky ny 2 Tapitrisa aty Afrika ny Filankevitry ny Seranam-piaramanidina Iraisam-pirenena (ACI) World (Airport Council International). Firenena tsy latsaky ny 350 no nandray anjara ka anisan'izany ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivarto Antananarivo. Ny Ravinala Airport moa no mitantana azy, izay tsy mitsahatra ny manatsara amin'ny lafiny rehetra ity seranam-piaramanidina ity. Nahitambokany ny ezaka natao, satria dia anisan'ireo seranam-piaramanidina tafiditra ho isan'ny tsara indrindra ny eny Ivato, ary nisy ny loka mifandraika amin'izany, izay natolotra ny Ravinala Airport. Mirehareha noho izany ny Ravinala Airport satria mampiseho ny ezaka mitohy ataon'ny mpiasa rehetra eo anivon'ny seranam-piaramanidina izany ary indrindra mba hanatsarana ny kalitaon'ny serivisy ao amin'ny seranam-piaramanidina. Hitondra vokatra tsara ho an'i Madagasikara izany, satria hahatonga antsika ho isan'ny toerana manaraka ny fenitra iraisam-pirenena, noho ny fananantsika kali-taon'ny tolotra samihafa sy ny fandraisana vahiny.



Miezaka hatrany manatsara ny tolotra sy ny fandraisana vahiny ny Ravinala Airport

### Fitaratra amin'ny asa

Araka ny fanazavan'i Julien Coffinier, tale jeneralin'ny seranam-piaramanidina Ravinala Airport, dia "Ity fankatoavana iraisam-pirenena ity dia mametraka ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena an'Antananarivo, ho fitaratra amin' ny asa aty Afrika sy ny Ranomasimbe Indianina, ary manasongadina ny fiaraha-miasan'ny Ravinala Airports sy ny vondrompiasa. Tsy izay ihany fa eo ihany koa ny fanohanana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Toetr'andro eto Madagasikara ho an'ny fanatrarana vina iombonan' ny hatsaran'ny seranampiaramanidina" Ny fahazoana io loka io, raha ny fanazavana hatrany, dia fampirisihana hampitombo ny ezaka efa natao ary fikatsahana hatrany ny fanomezana fahafaham-po ny mpandeha. Ankoatra izat dia eo ihany koa ny fanatsarana ny endrik'ity seranam-piaramanadina ity mba hisongadina aty Afrika sy maneran-tany noho izy fitaratr'i Madagasikara.

**Tiaray R**

Nate Tex

# Hitondra ny kantony etsy Behoririka



Taorian'ny seho miavaka nataon'i Nate Tex tetsy amin' ny CCESCA Antanimena, ny 2 marsa lasa teo, tamin'ilay lohahevitra hoe "Namana sy ny Mozika" dia hanolotra ny kantony etsy amin'ny Pimentrs Café Behoririka indray izy ny zoma izao hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina. Ho an'ireo izay tsy afaka tamin'iny fotoana iny dia ity no fotoana hahafahana mananaraotra izany. Tsy dia hitovy fa hanana ny mampiavaka azy ity seho etsy amin'ny Pim's ity, satria saika ireo hira nahafantarana an'i Nate Tex no nomaniny ho an'ny mpankafy, ka anisan'izany ilay hira hoe "Fitia", "Fo feno", "Tsara Tso-darano" "Tsy afaka" sy ny maro hafa. Hanampy an'i Nate Tex amin'ny fanomezana aina ny kantony sy hampiakatra ny aingam-panahin'ny mpankafy dia hanampy azy eo amin'ny fitsofana mozika (Sax) i Nah Arimanana., hitendry ny gitara Beso i Rico Rason, hitendry ny vatamaroafitsoka i Fy Rajaofetra, ary eo amin'ny fivelesana ny ampongamaroanaka i Micka Randrianarivo. Samy efa matihanina eo amin'ny fitendrena zavamaneno avokoa ry zareo ireo ary efa tsy zoviana amin'ny maro intsony ny zavatra nataony. Anasan'i Nate Tex ny mpankafy azy rehetra ity fampisehoana ity. Zoma faran'n y herinandro io ka sady manala vizana noho ny asa aman-draharaha nandritra ny herinandro no manomana sahady ny herinandro vaovao.

**Tiaray R**

"Miss et Mister île verte Mada"

# Diary Mitia sy Fanirintsoa Lalaina no lany teto Analamanga






**Ireo "miss et mister île verte Madagascar" voafidy tamin'ny alahady teo.**

Andriamalala Diary Mitia sy Rakotoarivony Fanirintsoa Lalaina. Izy mianadahy ireo no voafidy hisalotra ny anaram-boninahitry ny hatsarana ho an'Analamanga. Izany hoe voafidy ho « miss et mister îles verte Madagascar". Iry voalohany, Andriamalala Diary Mitia, lany hisolo tena ny andriambavilanitra avy eto amin'ny faritr'Analamanga. Rakotoarivony Fanirintsoa Lalaina kosa, no hitondra ny samboadin'ireo tovolahy eto Analamanga amin'ny fifaninanana rehetra hatao, indrindra fa ny famaranana, toa an'i Diary Mitia ihany. Ankotra an'izay, nisy mpifaninana avy any amin'ny faritra ihany koa nofidiana tamin'ny alahady io. Andriambavilanitra avy any amin'ny faritra. Izay nahitana ny Miss Manakara Ramiandrisoa Nantenaina Carina, Miss Vangaindrano Rajaobelina Heriniaina Patricia, Miss Itasy Maminiafina Mitia Miora Marina, ary Miss Ambatondrazaka Voahangiharilala Guinounouh Amhour. Araka ny fanazavan'Atoa Massou Franckedwot Zizadhy, tomponandraikitra voalohany, dia hanaraka fiofanana eto Antananarivo avokoa ireo solontena isamparitra alohan'ny tena fifidianana amin'ny volana aogositra.

**Solontena maro**

Nofidina manokana ilay hoe "Miss et Mister îles verte Madagascar" noho ny fametrahana ny tanjona hiaro sy hikolokolo ny tontolo iainana, araka ny fanazavan'ny tomponandraikitra hatrany. Hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanamaitsoana an'i Madagasikara izy ireo. Tamin'ny alahady 10 martsa 2024 teo no nanatanterahana ny fifidianana azy mianadahy voalaza fa hisolo tena an'Analamanga. Tao amin'ny Espace Vatomanga 67 ha no nanatontosana izany, izay nandraisan'ny solontena avy amin' ny faritra Analamanga. Tonga nanotrona ihany koa ireo andriambavilanitra efa lany tany amin'ny faritra, izay nahitana ny Miss Itasy, Miss Atsimo Atsinanana, Miss Fitovinany, Miss Alaotra Mangoro, ary ny Miss Analamanga sy Little Miss Analamanga. Mbola hitohy kosa ny fifidianana izay ho solontenan'ny faritra hafa ato ho ato, mazava ho azy.

Ankoatra ny fifidianana ireo tompondakan'ny hatsarana teto Analamanga, nanafana ny fotoana tao an-toerana ireo artista tanora, toa andry Boost sy ny namany, niampy tarika mpandihy JBN dance sy Tsiresy.

**Fy**

Fantina

## Manasitrana "hemorroïdes" ny sakay pilokely



Anisan'ny sakafo be mpitia ny sakay ary maro ny vokatsoa amin'ny fihinanana azy, saingy tsy tsara ho an'ny olona marary vavony sy ny olona manaraka fitsaboana diabeta, olona manana tosi-dra ambony, ary ny olona manaraka fitsaboana amin'ny fihinana fanafody sy ny vehivavy mitondra vohoka. Ny sakay pilokely aloha no tena be mpampiasa raha atao fanafody, manasitrana ny fivontosan'ny lalan-dra anaty tsinaibe na ny "hemorroïdes". Mamono ireo otrikaretina anaty tsinay be ny fihinana ny pilokely. Pilokely maitso na mena miisa 7 no hanina isanandro, mandritra ny 7 andro. Azonao atao ny mihinana azy tsikelikely ao anatin'ny 1 andro, ohatra hoe 2 ny maraina, 3 ny antoandro, 2 ny hariva, fa rehefa mitotaly 7 dia mety foana, azonao tsakoina na atao telimoka. Marihina fa rehefa nihinana sakay pilokely foana ianao dia lasa mihidy tsara ny lavaky ny tsinaibe, ka rehefa ilaina ny mamoaka maloto vao misokatra izy. Ny pilokely ihany no tsara ho an'ny hemorroïdes fa tsy ny tsilanindimilahy.
Ankoatra izay, manampy amin'ny fandevonan-kanina izy, manala tavy ary mampahia, misoroka amin'ny aretin' andoha, manampy amin'ny fiforonan'ny ivy, manala fanaintainana amin'ny vatana, mampisinda sery, manala ny poizina sy loto any anaty sy amin'ny vatana, miaro ny hoditra tsy hidiran'ny mikraoba sy ny bakteria, miaro amin' ny homamidana, miaro amin'ny fahatapahan'ny lalan-dra.

**Nangonin'i Tiaray R**

Family's Agency

# Manao fanamby hametraka an'i Madagasikara ho maitso

Toerana iray fanofanana ankizy ho lasa lasibika ny Family's Agency. Atoa Massou Francke, tovolahy 23 taona manana vina hamorona asa ho an'ny tanora amin'izao firoboroboan'ny teknolojian'ny fifandraisana izao. Ny fanofanana tanora amin'ny sehatry ny filatroana, fomba atao rehefa alaina sary, fanentanana, fanaovana dokambarotra sy ny maro hafa no imasoany. Ankoatra izay, anisan'ny tanjona lehibe apetrany sy itondrany ireo tanora beaziny ny hametraka an'i Madagasikara ho maitso. Anisan'ny vinavinan'izy ireo ny hanatanteraka fambolen-kazo sy hanentana ny tanora mba hikajy ny tontolo manodidina azy amin'ny lafiny rehetra. Miainga ao anatin'ny Family's Agency ny fampiofanana sy ny fitaizana ireo tanora rehetra ao aminy araka ny fanazavany, ary hitatra amin'ireo tanora manodidina na tsy ao anatin' ny valan'ny asa sahaniny aza.



**Ireo tovovavy 7 nahazo fiofanana roa volana tamin'ny lasibika.**

**Tovovavy avokoa**

Namoaka ny andiany voalohany tamin'ity taona ity izy ireo ny alahady lasa teo. Tovovavy miisa 7 no nahazo sertifika tamin'izany, izay niofana momba ny tontolon'ny filatroana sy ny fomba atao rehefa alaina sary. Mbola hiatrika fiofanana mandritra ny roa volana indray izy 7 mirahavavy ireo vao tena lasa matihanina araka ny fanazavana. Mahasahana karazan'asa maro manodidina ny dokam-barotra sy ny filatroana ary ny fandraisana olona anatin'ny lanonana goavana ireo mpiofana ireo rehefa mahavita ny fiofanana anatin'ny roa volana io, hoy ny fanazavan'i Massou Franck hatrany. Voalaza fa efa manomboka ny fisoratana anarana ho an'ny andiany faharoa amin'ilay fiofanana voalohany andiany teo. Amin'ny 20 martsa 2024 izao no hiditra an-tsekoly ireo mpiofana izay handraisan'izy ireo tanora lahy sy vavy liana amin'ny tontolon'ny lasibika.

**Fy**

Talenta hafa kely

## Ankizy tia karokaroka, mahavita zavakanto tsy ampoizina

Rehefa miasa ny saina tia karokaroka dia mahavita zavatra tsy ampoizina. Ireo ankizy afrikana amin'ny sary avokanay ireto izao dia ankizy milalao nefa mahavita mamorona. Ilay zaza nahavita fiara tamin'ny volotsangana io izao dia zazalahy kely vao 8 taona monja. Ny ankizy malagasy fahiny, ny omby tanimanga sy ny trano vita amin'ny fasika eny amoron-dranomasina eny no tena vitany. Misy ihany ny mahavita mamorona kilalao ho azy, toy ny saribakoly vorodamba, kalesa, manosika kodiarana amin'ny endrika maro samihafa, jiro kapoaka sy ny maro hafa. Amin'ny ankapobeny, ireo ankizy avy amin'ny fianakaviana sahirana nefa te hanana kilalao holalaovina no mahavita mamoronjavatra toy izao. Talenta sy faniriana ao anaty, tanteraka ny nofinofiny avy eo. Matetika ireny zaza ireny lasa lavitra amin'ny fiainany any aoriana any. Ireo zanak'olona manankatao na manan-koraisina amin'ny ankapobeny variana amin'ireo kilalao vitan'ny vazaha any anaty interneto ka tsy lasa lavitra loatra raha resaka famoronana dieny mbola ankizy no asian-teny.
Araho anie ireto sary nalaina tamin'ny fesiboky ireto e ! Ankizy mipetraka amin'ny toerana maloto anjakan'ny fahantrana tanteraka ary miaina ao anatin'ny loto ihany koa, nefa mahavita mamorona zavakanto tsy ampoizina. Miainga amin'ny zavamisy sy ny zaoridira arian'ny olona manodidina azy. Soa fianatsa hoy ny fitenenantsika izay !

**Nangonin'i Fy**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-7)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-8)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard…Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 777/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 777/6-2)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 777/6-2)

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 778/6-2)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-11)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-1)

Ambatomainty- Tana V

# Novelezin'ilay adala hazo ny lohany, maty ilay rangahy

*Tsy fanaony matetika ny midaroka saingy nahagaga ny maro ny nahatonga azy nahavanona izao heloka bevava izao.*

Nahafaty olona ilay lehilahy malaza ho tsy salama saina mponina etsy Ambatomainty, ao anatin'ny boriborintany Antananarivo fahadimy. Rangahy iray no novolesiny tamin'ny hazo, ny alakamisy teo. Voa mafy teo amin'ny lohany ny lasibatra. Tsy vitan'izay fa mbola nodarodarohiny ihany koa rehefa niakarapoka tamin'ny tany. Naratra mafy ilay rangahy vokatr'izany ary nihintsana hatramin'ny nifiny. Voalaza moa fa nentin'ny fianakavian'ilay adala tany an-trano aloha io lasibatra io. Nony avy eo vao nankeny amin'ny hopitaly, saingy indrisy fa tsy tana ny ainy noho ny vono sy ny daroka nahazo azy. Hatreto dia mbola



Ilay rangahy 41 taona namoy ny ainy.

hitan'ny olona miriaria any ilay voalaza fa adala ary tsy nisy akory ny fisamborana. Izany hoe toy ny tsy nisy ny heloka bevava vitany fa mbola eny Ambatomainty eny izy amin'izao. Araka ny loharanom-baovao azonay dia rangahy manampy ny ray aman-drenin'ity adala ity mivarotra io namoy ny ainy io. Tsy fantatra mazava aloha hatreto ny tena antony nampihetsika hadalana azy. Tsy fanaony matetika ny midaroka saingy nahagaga ny maro ny nahatonga azy nahavanona izao heloka bevava izao.

**Mivantana**

*"Mety hoe hasarotam-piaro angamba no nampihetsika azy tamin'io andro io, satria talohan'ity tranga ity dia avy nanadala tovovavy iray teo an-tanàna izy. Tsy nanaiky azy ilay sipa ary taorian'io dia nasain'ilay vehivavy mba hanatitra azy ilay rangahy voalaza fa namoy ny ainy etsy ambony, satria nilaza fa matahotra an'ity olona adala ity ilay tovovavy. Taorian'izay no naka hazo hidim-baravarana ity olona adala ity ary namely an'ilay rangahy. Ahiana ho izay angamba no antony"*, hoy hatrany ny loharanom-baovao. Voalaza fa nentina nozahana teny amin'ny mpitsabo olona marary saina teny Anjanamasina ity lehilahy ity saingy tsy nahitan'ny dokotera olana aratsaina velively. Izy rahateo tsy fantatra hoe tsy salama saina izany raha tena jerena mivantana. Ireo mpiaramonina ihany no tena mahalala azy hoe adala, hoy ny loharanom-baovao. Nilaza ny hametraka fitoriana ny fianakavian'ny maty. Andrasana izay mety ho tohiny.

**Deyland**

Amoronankona - By pass

# Mpiasa 3 lahy niara-maty nihotsahan'ny tany

Loza nampivarahontsana indray ity nitranga teny Amoronankona, By pass, ity omaly tokony ho tamin'ny 11ora antoandro. Mpiasa telo lahy nanao ireny rindrim-bato, na "mur de soutènement", ireny no niara-namoy ny ainy nihotsahan'ny tany. Araka ny fanazavana azo dia hantsana be no misy ilay rindrim-bato hatsangana. Teo am-pihadiana ny fototra iny indrindra izy ireo no nihotsaka tampoka avy eny ambony ilay tany horariana vato. Tonga dia tototra tao izy telo lahy fa tsy nisy tafavoaka. Taitra ny teo amin'ny manodidina raha nahita ny zava-nitranga. Nifamonjena izy telo lahy kanefa tsy avotra fa tany be miavosa no nanototra azy



Ilay tany nihotsaka !

ireo. Nifanome tanana tamin'ny famoahana azy ireo tao ny rehetra nahita izany, nampian'ny fokonolona. Fotoana fohy dia hita ny iray, izay mbola nisy aina, ka novonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly. Indrisy anefa fa na natao aza ny ala-nenina dia tsy tana ny ainy.

**Nanano sarotra**

Nitohy hatrany ny fikarohana ireo roa lahy namany sisa taraiky tao. Tena nanano sarotra tokoa anefa ny fitadiavana sy ny fanalana ireo tany nanototra azy ireo. Efa tamin'ny 3 ora tolakandro mahery tany ho any vao hita avokoa izy roa lahy, saingy efa vatana mangatsiaka sisa. Mbola tena tanora avokoa izy telo lahy ireto satria manodidina ny roapolo hatramin'ny telopolo taona eo. Fantatra fa avy eny amin'ny faritra Ambohimangakely eny ihany ny roa lahy fa ny iray kosa avy any Ambatolampy Antsirabe. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha ka mandeha ny fanadihadiana.

**R.C**

Manakara

# Enin-dahy nandroba 2 tapitrisa Ariary sy entam-barotra

Nitrangan'ny fanafihana mitam-piadiana tao Ambodihara Homby, kaominina Ambanivohitra Ambinanitromby, distrikan'i Manakara, ny alahady teo tokony tamin'ny 9 ora alina. Tokantrano iray tao amin'io tanàna kely io no nidiran'ny jiolahy enina an-keriny. Raha ny angom-baovao azo avy any an-toerana dia fitaovana maromaro no voaroba nandritra ity asa ratsy ity. Lasan'ireo mpangalatra ny entana sy ny vola mitentina 2 tapitrisa ariary. Anisan'ny zavara very ny "Panneaux Solaire", fahitalavitra, finday sy entam-barotra madinidinika maromaro. Naratra mafy ihany koa ny zanaky ny tompon-trano, raha ny fampitam-baovao voaray. « *Voalazan'ilay tompon-trano niharam-boina fa niditra an-keriny ireto andian-jiolahy ireto. Nitsoaka teo amin'ny varavarakely ilay tompon-trano fa ny zanany lahy no tratran'ireo jiolahy ireo tao. Nanohitra io tovolahy zanaky ny tompon-trano io. Naratra teo amin'ny lohany ity farany noho ny daroka nanaovana azy »*, hoy hatrany ny loharanom-baovao. Marihina fa latsaka tao an-trano ny karapanondron'ireo mpangalatra ireo. Hanampy amin'ny fikarohana io karapanondro io, satria efa fantatra ny mombamomba ny anankiray tamin'ireo olon-dratsy ireo, hoy ny zandary mandray an-tanana ny fanadihadiana. Tsara homarihina fa efa nahazo fitsaboana ilay tovolahy naratra ary tsy misy atahorana ny ainy. Mitohy ny fikarohana an'ireo nahavanon-doza, iarahan'ny mpitandro ny filaminana sy ireo vatan-dehilahy ao an-toerana.

**Deyland**

Toamasina

# Tokantrano nisy nanafika, 3 lahy voasambotra

Tokantrano iray tao Toamasina no notafihan'ny jiolahy miisa dimy nirongo fiadiana ny alin'ny 22 febroary lasa teo. Novakian'izy ireo avy hatrany ny varavarana nidirany tao an-trano. Taitra ny tompon-trano raha nandre izany na dia tao anatin'ny torimaso aza, ka tsy naharitra fa nitsangana nijery ny zava-nitranga. Tonga dia notsenain'ireo jiolahy avy hatrany anefa izy. Nikasa hanohitra kanjo avy dia nasian'ireo jiolahy tamin'ny antsy ka naratra. Niezaka niantso vonjy ihany ny tao an-trano ka vaky nandositra ireo olon-dratsy. Noho izany dia tsy nisy ny zavatra lasan'izy ireo tamin'io. Tonga teny an-toerana ny zandary raha vao nahazo fampandrenesana. Novonjena nentina tany amin'ny hopitaly haingana ilay naratra. Nandeha ihany koa ny fanenjehana ireo jiolahy.

**Latsaka ny finday**

Samy nanao izay nanavotany ny tenany ireo jiolahy ka tamin'izany indrindra no latsaka ny findain'ny iray tamin'izy ireo. Natao ny fikarohana tamin'ny alalan'ny "puce" tao anatin'io finday io ka tamin'izany no nahatratrarana ny iray tamin'ireo jiolahy, izay misoratra amin'ilay izy. Rehefa natao famotorana io iray voasambotra io dia nanondro ny namany efa-dahy. Vokatr'izany dia tratra teo amin'ny sakana nataon'ny zandary teo Sarimasina, amin'ny làlam-pirenena faharoa iny, ny faharoa, izay efa nikasa hitsoaka aty Antananarivo ny sabotsy lasa teo. Voasambotra tao Ankirihiry ihany koa ny namany fahatelo. Mitohy ny fikarohana ireo roa lahy mbola miriaria any. Omaly kosa izy telo lahy no natolotra ny Fampanoavana tao Toamasina.

**R.C**

**MANAL'AZY DE MI'MEME**






**Nanomboka ny 7 martsa ny programme mentoring Hello Women. Vehivavy matihanina 50 no nofantenan'i Orange Madagascar hampiofana vehivavy tanora 50 mandritra ny 3 volana, hanamora ny fidiran'izy ireo amin'ny sehatr'asa teknika sy nomerika.**

GCL 775/15-3

Mahitsy

# Fatim-behivavy nihosin-drà, niboridana, mangana sy naratra ny lohany

Renim-pianakaviana iray 35 taona no hita faty tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambatokely, fokontany Ambohibe, eny Mahitsy, afakomaly tokony ho tamin' ny 7 ora hariva. Telo metatra miala ny arabe lalan-tany tokony ho iray kilometatra miala ny biraom-pokontany no nahitana ny razana. Tamin'ny fotoana nahitan'ny nanatri-maso ny razana dia hita nihohoka ny razana ary mihosin-drà. Tsy nisy takonkenatra intsony fa miboridana ny tapany ambany. Ankoatra izay, nahitana ratra sy mangana ny lohany ary mivoaka rà ny vavany. Olona teny an-toerana no nahita voalohany ny razana ary taorian'izay dia naheno mikasika ity faty hita ity ny olona ka tonga teny an-toerana. Ny lehiben'ny fokontany avy eo no nampandre ny zandary ka raha vao naheno izany ny zandary nanao fisafoana dia nandeha nanao fizahana ifotony. Nisy ny fizahana teny amin'ny manodidina ny toerana nahitana ny razana ka entana kely nentin'ilay renim-pianakaviana no hita teny, izay fotsim-bary sy sakafom-biby ary kapa. Fantatra fa vono olona ity niseho ity. Avy nirava niasa ary handeha hamonjy fodiana ilay vehivavy no nifanehatra tamin'ny olon-dratsy. Tsy fantatra aloha hatreto izay nahavanon-doza satria tsy nisy nahita ireo farany. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo jiolahy ataon' ny mpitandro filaminana, ka ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Mahitsy no misahana izany. T.H

Belo Tsiribihina

# Raim-pianakaviana maty notetitetehana sy notapahin-doha

Loza no niseho tany amin' ny distrikan'i Belo Tsiribihina andro vitsy lasa izay. Raim-pianakaviana iray no maty nisy namono tany an-toerana. Tena famonoana feno habibiana no nihatra tamin'ilay rangahy, satria tsy nananan'ireo jiolahy antra intsony izy fa dia notetitetehan'izy ireo, ary tsy vitan' izany fa mbola notapahina ihany koa ny lohany. Nijininika izay tsy izy ny rà tamin' io ary farany dia niafara tamin'ny fahafatesany izany. Olona tany an-toerana no nahita ny razana ary nampandre avy hatrany ny teo amin'ny manodidina. Nitangorona ny rehetra nanoloana izany ka tonga nijery ny razana ary mbola hita teo ny lohan'ilay rangahy novonoina fa tsy nentin'ireo jiolahy. Fantatra fa sady norobain'ireto farany ralehilahy no novonoiny. Lasandry zalahy tamin'izany ny vola sy izay zavatra hafa tian'izy ireo nalaina tany aminy dia lasa nitsoaka ry zalahy taorian'izay. Efa nampandrenesina ny zavanitranga mikasika ity vono olona ity ny zandary ka nandeha nidina ifotony teny an-toerana ary efa mandeha ny fanadihadiana sy fikarohana ny nahavanon-doza amin'izao fotoana izao. Mbola mitohy ny fampianarana sy fanentanana ny mponina any an-toerana izay ataon'ny eo anivon'ny mpitandro filaminana mikasika ny ady atao amin'ny tsy fandriam-pahalemana. T.H

Maevatanana

# Dahalo roa maty voatifitry ny zandary

Raikitra ny fifandonana teo amin'ireo dahalo andaniny ary ireo zandary ankilany. Vokany, roa tamin'ireo olondratsy no maty voatifitra. Nandritra ny fanarahan-dia nataon'ny fokonolona sy ireo mpitandro filaminana no nifanehatra tamin'ireo olon-dratsy izy ireo. Ireo dahalo dia nitondra omby valo halatra tamin'io fotoana io, ary handeha hihazo ho any Mangabe ny dian'izy ireo. Tonga dia nitifitra ry zalahy raha vao nahita ireo mpanara-dia. Teo anatrehan'izay dia voatery nitifitra ireto farany ka niantefa teny amin'ireo dahalo roa ny bala. Noho ny ratra mafy nahazo an-dry zalahy sy ny fahavereza-drà be loatra dia nitarika ny fahafatesan'izy ireo izany. Araka ny fanazavana dia anisan'ny naman' ny dahalo raindahiny iray izay mbola karohin'ny mpitandro filaminana ireto maty ireto. Fantatra fa azo nandritra io fifanjevoana io ihany koa ireo omby valo nanagalarin'ireo dahalo. Ka ny roa tamin'ireo efa tafaverina any amin'ny tompony taorian'izay fa ireo omby enina ambiny kosa nampidirina "fourrière" mandrapahatongan'ny tompony haka azy ireo. Araka ny fantatra dia dahalo fito nirongo basim-borona no tonga nanafika tany amin'ny fokontany Tsaramandroso, any anatin'ny distrikan'i Maevatanana, andro vitsy lasa izay. Niezaka nifehy ny olona teo an-tanàna ry zalahy vantany vao tonga mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny asa ratsiny ka dia ireo nahazoany omby maromaro ireo.

T.H

Morondava

# Mpisoloky 2 lahy sarona teny amin'ny toby fiantsonan'ny taksiborosy





Ireo roa lahy voasambotra.

Roa lahy samy 22 taona no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria foibe any Morondava, omaly tokony ho tamin'ny 9 ora maraina, teny amin'ny toby fiantsonan'ny taksiborosy tany Morondava. Araka ny fantatra dia resaka fisolokiana no anton'izao fisamborana azy ireo izao. Vantany vao niharan'ilay asa ratsy moa ilay lasibatra dia nandeha nankany amin'ny biraon'ny polisy nametraka fitoriana. Nanomboka teo dia niroso tamin'ny fanadihadiana ny polisy ka nidina ifotony tany amin'ny toerampiantsonan'ny taksiborosy, ka dia tratra tao izy roa lahy. Nandritra ny fisavana nataon' ny polisy dia nahitana ody gasy maromaro tany amin' izy roa lahy. Fantatra fa avy any Toliara izy roa lahy ireo no tonga manao ny asa ratsiny any Morondava. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ireto roa lahy voasambotra ireto. T.H

Itaosy

# Mpanendaka 2 lahy nifanenjehan'ny fokonolona




Ireo mpanendaka tratra !

Tonga dia an-terisetra be izao no nataon'ireto mpanendaka roa lahy ireto ity lehilahy iray nihazo ny làlana ho eny Bemasoandro Itaosy ity, ny alatsinainy lasa teo. Avy hatrany mantsy dia noraisiny tamin'ny vozon'akanjony ilay lehilahy ary nalainy an-keriny ny finday tany aminy. Nitsoaka nandositra avy hatrany izy roa lahy raha vao azony izany. Sendra ny tampoka moa ilay lehilahy ka tsy afaka niaro tena akory. Niantso vonjy haingana no nataony raha vao lasa ireo mpanendaka. Niara-nirohotra nanenjika azy ireo avy hatrany ny olona teo amin'ny manodidina. Nisy zandary ihany koa tsy lavitra teo ka nanampy ny fokonolona tamin'ny fisamborana ireo mpanendaka ireo. Tsy namelan'ny olona raha tsy tratra ka saika niharan'ny fitsaràm-bahoaka teo. Nentin'ny zandary haingana izy roa lahy mba hatao famotorana sy ho fiarovana ny ainy nanoloana ireo olona marobe efa romotry ny hatezerana. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa avy eny 67Ha izy roa lahy ireto no tonga hatreny Itaosy manao ny asa ratsiny, kanjo izao sendra ny tsy nampoiziny izao ka voasambotry ny fokonolona. Hita araka izao fa efa tena tsy mitsitsy ary tsy menatra mihitsy ireo mpanendaka amin'ny fanaovana ny asa ratsiny. Na eny an-dàlam-be aza mantsy dia tsy mampiahotra azy ireo akory ny manao herisetra sy mamono mba hahazoany izay tadiaviny.

R.C

Ambatolampy

# Mpivarotra rongony tratran'ny zandary



Ilay lehilahy voasambotra !

Lehilahy iray avy any Ambohipihaonana, kaominina Manjakatompo, distrikan'Ambatolampy no trà-tehaky ny zandary nivarotra rongony tao anatin'ny toby fiantsonan'ny fiara tao Ambodiriana- Ambatolampy ny Alakamisy lasa teo. Mbola nahatratrarana rongony dimy amby roapolo fonosana milanja 225 grama tany aminy rehefa nosavaina. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary avy hatrany izy natao famotorana ary nogiazana ireo rongony rehetra tratra. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa avy any Morombe, faritra Atsimo Andrefana no nanafarany ireo rongony ireo ka sady mifoka izy no mivarotra. Araka izany dia efa misy olona miara-miasa aminy mamatsy rongony azy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Ny Alatsinainy lasa teo ity lehilahy ity no natolotra ny Fampanoavana ka notanana vonjimaika ao amin'ny fonjan'Ambatolampy.

R.C

## Marina izany !

### Mivaro-pananana !

**Tsy takona afenina ny zava-misy eny amin'ny fiarahamonina eny, tato anatin'ny volana maro izao fa tsy mitsahatry ny mikoroso ny fiainan'ny Malagasy maro an'isa. Maro ny endrika isehoan'izany: Mitombo ny mpangataka amoron-dalana sy ny tsy manan-kialofana ka voatery manao tafo lanitra andro aman'alina, na manorina trano selofanina eny amoron'ny dabam-pako, noho ny antony samihafa. Maro ny tanora no mivarilavo amin'ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola sy fidorohana zava-mahadomelina. Mitombo isan'andro ny very asa sy ny tsy an'asa, izay antony iray mampirongatra ny tsy fandriam-pahalemana. Fitalahoana sy fangatahana fanampiana noho ny aretina na ny tsy fananana no mameno ny tambajotran-tserasera…Manoloana ny fahasahiranana dia ny mivaro-pananana no tsikaritra ho hany hitan'ny ankamaroan'ny tokantrano malagasy hanamaivanana ny olana, tonga amin'ny fitenanana hoe: « sitrany ahay vaza-mihetsika » na koa hoe « aleo maty rahampitso toy izay maty anio ». Dia ireny iarahan'ny rehetra mahita eny amoron-dalana ireny fa amidy ny entana ao an-tokantrano: seza; tatabatra; fahitalavitra ; vilany…eny misy mivarotra hatramin'ny sotro fihinanana aza. Manoloana ny fahasahiranana iainan'ny vahoaka anefa dia toa mitazam-potsiny ny tompon'andraikitra samihafa voakasika izay farafaharatsiny hanamaivana ny fahasahiranam-bahoaka, amin'ny alalan'ny vahaolana maharitra. Tsorina fa tsy ny fizarana sakafo na kojakojan-tokatrano no hanala ny vahoaka amin'ny fahasahiranany. Ny mifanohitra amin'izany no mitranga, satria tsy vitan'ny mamboly foto-pisainana miandry tolorana ireny fa tsy mahavita taona ihany koa! Farafahakeliny ifantohana ny famoronan'asa e!**

Voahangy Rakotozafy

Amiraly Didier Ratsiraka

## Notokanana omaly ny tsangambato ho fahatsiarovana azy




**Toy izao ilay tsangambato ho fahatsiarovana ny Amiraly Didier Ratsiraka notokanana tany Toliara, omaly.**

Nanangananana tsangambato ho fahatsiarovana ny filohampirenena teo aloha Amiraly Didier Ratsiraka ny Avenue Monja Jaona Toliara. Omaly no notokanan-dRtoa Sophie Ratsiraka, filoham-boninahitry ny « Rassemblement des Partisans du Ratsirakisme » na RPR io tsangambato io. Tonga nanatrika ny lanonana fitokanana izany tany antoerana niaraka tamin'io zanaka vavin'ny Amiraly Didier Ratsiraka io ireo olobe avy amin'iny faritra iny sy ireo mpanara-dia ny RPR. Nisy ny famonoana omby sy filatroana ary kabary nifandimbiasana namerenana ny nampiavaka sy nanamarika ny fitondran'ny Filoha teo aloha Didier Ratsiraka nandritra izany. Tsy tazana nanatrika izany kosa ry Annick Ratsiraka, Filohan'ny antoko AREMA sy ny depiote Roland Ratsiraka, izay samy fianakavian'ny Amiraly Didier Ratsiraka nandritra io fitokanana ny tsangambato ho fahatsiarovana azy io. Raha tsiahivina, nindaosin'ny fahafatesana ny marainan'ny alahady 28 martsa 2021 io filohampirenena teo aloha io ka amin'ny maha manamboninahitra ambony indrindra azy teo anivon'ny foloalindahy malagasy, dia nanapa-kevitra ny fitondram-panjakana sy ny fianakaviany, fa ho omena azy ny hasina sy ny voninahitra mendrika azy. Izay no antony nametrahana ny Amiraly Didier Ratsiraka eny amin'ny fasan'ny mahery fo na Mausolée, Avaratr' Ambohitsaina.

Mamy R.

Christine Razanamahasoa

## "Tsy ny rafitra no olana fa ny olona"

Tsy ireo mpanao politika avy amin'ny hery fanoherana sy ny firaisamonim-pirenena ihany no mahatsikaritra ankehitriny fa mbola mandalo fotoan-tsarotra noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny olona sasany ao amin'ny fitondrana ny firenena sy ny ankamaroan'ny mponina. Omaly dia nanao fanambarana manamafy izany fanehoan-kevitra sy fomba fijery izany Rtoa Christine Razanamahasoa, Filohan' ny Antenimierampirenena raha nitafa tamin'ny vahoaka malagasy avy any Frantsa. Notsipihan'io laharana voalohany eny Tsimbazaza io tamin'izany fa olona no sakana amin'ny fampandrosoana ny firenena sy fanamboarana ireo fotodrafitrasa mamaly ny filan'ny vahoaka eto Madagasikara fa tsy ny rafitra araka ny ambaran'ny sasany mihitsy akory. "*Miaramanaiky ny rehetra fa firenena mahantra i Madagasikara kanefa manana harena maro afaka hampandrosoana azy. Maro ihany koa ny fotodrafitrasa vaventy no mihantona na dia efa vonona tanteraka aza ny vola sy ny teknika hanamboarana azy ireny. Isan'ny lehibe indrindra amin'izany ny resaka herinaratra, ialana amin'ny delestazy manerana ny nosy sy ireo fotodrafitrasa hafa izay goavana ihany koa. Tsy ny rafitra no olana sy sakana fa ny olona, izay tena sakana mankadiry mihitsy. Maro ireo mpandraharaha vaventy maniry ny hamorona asa eto Madagasikara fa matahotra noho ny antony maro samihafa, ny lalàna, ny tontolon'ny fandraharahana amin'ny ankapobeny sy ny herinaratra, izay miteraka olana be ho an'ny indrostria, ny lalam-pirenena amin'ny fitaomana sy famoahana ny vokatra* », hoy Rtoa Christine Razanamahasoa tamin'izany.



**Vaky vava Rtoa Christine Razanamahasoa fa olona no sakana eto Madagasikara fa tsy rafitra.**

### Tora-po fotsiny

Ao anatin'izany rehetra izany, nanamarika io filohan'ny Antenimierampirenena io fa tsy irery ny Malagasy amin'ny fitadiavana vahaolana maro isankarazany ho an'ny tena fampandrosoana an'i Madagasikara sy ny Malagasy. "*Raha hitazana, hijery, hitsetra, hanao tora-po fotsiny dia inoako fa tsy hitondra fandrosoana sy fivoarana ny amin'ny tsaratsara kokoa izany. Raha mihevitra ny hikatsaka ny tsaratsara kokoa ho an'ny mpiara-belona, na vavy na lahy, na zanaka, na Ray aman-dreny dia ny fandraisana andraikitra sy ny fijoroana amin'ny marina no erijika. Izany no nampirisika ahy niaro, miaro ary hiharo ny marina hatrany. Koa hafatra no omeko anareo dia hoe fadio ny mirary ratsy ny olona tsy mitovy hevitra politika aminao, mivavaha ary aza mitsahatra ny mitondra am-bavaka amin'ireo olona mametraka anao ho fahavalo, ento am-bavaka ny fanirianao na ny lehibe indrindra na ny kely indrindra ary halaviro ny ratsy sy ny fanahiana ary ny tahotra*", hoy hatrany ny teniny. Farany, tsy nanadino niarahaba ny andriambavilanitra malagasy noho ny andron'ny 08 marsa teo io vehivavy Filohan'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna eny Tsimbazaza io tao anatin'ny tafa nataony. "*Miarahaba sy mirary soa ho an'ny vehivavy malagasy ny tenako. Isan'ny fototra afaka mampiova ny tantara isika ary manana ny herintsaina rehetra ilaina amin'ny fanovana koa miraisa hina ar mifankatiava. Raiso ary ny andraikitrao sy ny adidy mifanandrify aminy ho tombontsoan'ny Malagasy*", hoy izy tamin'izany.

Mamy R.

PDS ny kaominina Antananarivo

## Nihaona tamin'ireo lehiben'ny polisy eto andrenivohitra

Nanatanteraka fihaonana tamin'ireo tomponandraikitry ny polisy sy lehiben'ny kaomisaria eto Antananarivo renivohitra ny PDS Atoa Ramamambitana Richard sy ny mpiara-miasa aminy omaly. Tetsy amin'ny Lapan' ny tananàn'Analakely no nanatanterahana ny fihaonana nandaminana sy nanomezana toromarika momba ny filaminana sy ny fandriampahalemana eto anivon'ny kaominina. Tafiditra ao anatin'izany ny fandrindrana ny fifamoivoizana, ny fandaminana ny tanàna ary ny fiantohana ny fandriampahalemana sy ny fampanarahan-dalàna amin'ny lafiny rehetra. Nampiseho fahavononany hiara-miasa sy hifanolo-tanana amin'ireo polisy miasa eto andrenivohitra Atoa Ramanambitana Richard, Filohan'ny Delegasiona manokana eto amin'ny kaominina, mba hanatrarana ny vina hamerenana ny hasin'Antananarivo mba ho tanàna mandry fahalemana sy milamina amin'ny maha tanan-dehibe azy.

JUDD


### TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Kolektifa an'ny Malagasy

# Hanao fanambarana miaraka amin'ny zoma ho avy izao



Ireo mpitarika antoko mivondrona ao amin'ny Kolektifa an'ny Malagasy.

Araka ny loharanom-baovao akaiky ny Kolektifa an'ny Malagasy, amin'ny zoma ho avy izao no hanao fanambarana miaraka, ao amin'ny televiziôna Dream'in ; IBC; Kolo TV ; Top Radio ; La 7 ny zoma alina ho avy izao. Raha tsiahivina dia ireto avy no mpitarika antoko pôlitika mivondrona ao anatin'ny Kolektifa an'ny Malagasy izay samy kandida tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo : Jean Jacques Ratsietison (FM-IM : Fahefa-mividy ho an'ny Malagasy) ; Roland Ratsiraka (MTS: Malagasy Tonga Saina) ; Hajo Andrianainarivelo (MMM : Malagasy Miara-Miainga); Raobelina Andry (ARB: Anjomara sy Rivo-baovao) ; Tahina Razafinjo-elina (PTT : Antoko Tia Tanindrazana). Andrasana amin'io fotoana io izay hiompanan'ny fanambarana. Heverina fa anisan'ny horesahina amin'io fotoana io ny fanapahan-kevitra horaisin' ny Kolektifa an'ny Malagasy, miohatra amin'ny fifidianana solombavambahoaka, hotanterahina amin'ny 29 mey ho avy izao, araka ny daty efa navoakan'ny mpanatanteraka, tamin'ny alalan' ny filankevitry ny minisitra. Maro ny fanontaniana iandrasam-baliny toy ny hoe: Ho mpifaninana amin'ny fifidianana depiote ve izy dimy mirahalahy mpanorina ny Kolektifa an'ny Malagasy ? Raha eny, aiza no distrika hirotsahan'izy ireo ? Hahenika ny distrika rehetra manerana ny Nosy ve ny kandidà hatolotry ny Kolektifa an'ny Malagasy sa ho amin'ny ampahany ihany? Misara-dalana tanteraka ve ny samy mpanohitra, niaradalana tao amin'ny C11 sa fomba fiady ?

V.R.

Fifidianana depiote

# Ihazakazahan'ny mpiasam-panjakana ambony hanadiovana tena



Samy miady mafy amin'ny fanomanana ny fifidianana solombavambahoaka ireo kandidà mihevitra ny handray anjara. Saika ahitana karazan'olona maro ireo nirotsaka sy mifaninana amin'izany toerana izany. Ao ny mpanao politika, ny mpandraharaha, olon-tsotra ary ny mpiasam-panjakana ambony mbola amperin'asa. Ireto farany ireto no saika hita mihazakazaka mafy amin'ny fandraisana anjara amin'ity fifidianana ity, satria raha ny fanadihadiana natao, dia hita ho maro tokoa izy ireo. Ankoatra ny minisitra sy ny olom-boatendry tahaka ny Governora izay efa mahazatra dia misy amin'izy ireo no Mpitsara tahaka ny ao Mahabo. Raha ny fahitana azy dia tsy ny firotsahana kandidà depiote loatra no zava-dehibe matetika fa ny fiarovana ny tombotsoa manokana sy ny fanadiovan-tena tamin'ny asa tsy dia nazava loatra izay mety natao. Ataon'ireo tsy maty manota sasany fialokalofana indraindray ny toeran'ny solombavambahoaka. Tsy voatery izy rehetra anefa no manao izany fa misy ihany any antsefatsefany any. Raha tsiahivina, isan'ny mampirongatra ny fitsaram-bahoaka amin' ireny toerana ireny ny tsy fahatokisana ny fitsarana sy ny mpitandro filaminana vokatry ny kolikoly sy ny zavatra mety nataon'ireny mpiasam-panjakana ireny eo anatrehan'ny vahoaka, izay manaratsy endrika azy eo anatrehan'ny mpifidy matetika.

**Goragora**

Tsy misy lalàna moa mandrara ny fandraisan'ny olom-pirenena anjara amin' ny fifidianana fa malalaka tsara ny rehetra amin'ny fanatanterahana izany ho fampiharana ny demokrasia eto amin'ny tany sy ny firenena. Saingy tokony hazava tsara ihany fitsipidalao rehetra ao anatiny hijerena ny olona tena azo antoka. Tafiditra ao anatin' izany ny fanaovana fanadihadiana lalina momba ireo kandidà indrindra ho an' ireo mpiasam-panjakana ambony izay mandray anjara. Somary goragora ihany moa ny zava-misy eto amintsika fa matetika ny vola sy ny fahalalana olona no manjaka sy mahazo vahana ka mizotra milamiana eny ihany ny zava-drehetra.

JUDD

Mpikambana ao amin'ny HCDDED

## Dingana manaraka aorian'ny fahazoana taratasy fanamafisana ny fifidianana birao

Ôfisialy nanomboka tamin'ny alatsinainy lasa teo izany ny mpikambana ao amin'ny HCDDED (Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit), taorian'ny fampahafantarana nataon'ny Fiadidiana ny Repoblika, tamin'ny alalan'ny didim-panjakana laharana 2024-467, tamin'ny 6 marsa 2024 manamafy ireo mpikambana handrafitra ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demôkrasia sy ny Tany Tan-dalàna. Ireto avy izy ireo: Ranampy Gisele (solontenan'ny Fiadidiana ny Repoblika) ; Ramarokoto Fenosoa Emile (solontenan'ny Antenimieran-doholona ) ; Zafilaza (solontenan'ny Antenimieram-pirenena) ; Ranadialison Angelo (solontenan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana) ; Samuel Rakotondrainy Herimandimby Rajaona (solontenan'ny Fitsarana Tampony) ; Andriamanantena Jean Marc (avy amin'ny CNIDH) ; James Ramarosaona (solontenan'ny holafitry ny mpanao gazety) ary Radson Solo (avy amin'ny holafitry ny mpisolovava). Dingana manaraka aorian'ny fahazoan'ny mpikambana tsirairay ny taratasy fampilazana ny maha mpikambana azy ny fanatanterahana ny fivoriana voalohany. Mandritra izany no hifidianana ny birao. Ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demôkrasia sy ny Tany Tandalàna izay tsiahivina maharitra 5 taona ny fotoam-piasany.

V.R.




Fanomanana fifidianana depiote

## Miatrika fiofanana ny filohan'ny kômisiôna any amin'ny distrika

Raha mbola andrasana ny famoahan'ny governemanta ny didim-panjakana mametra ny isan'ny solombavambahoaka sy ny isan'ny fari-pidianana ary ny isan'ny depiote ao anatin'ny fari-pifidianana tsirairay, ny CENI kosa efa miroso lalindalina amin'ny fanomanana ny fahatanterahan'ny latsabato. Araka ny loharanom-baovao akaiky ny Vaomiera Manokana misahana ny fifidianana dia omaly no niatrika fiofanana, teny amin'ny ENAM Androhibe ny filohan'ny kômisiôna hiandraikitra ny fifidianana any anivon'ny distrika. Toy izany koa ireo teknisiana hikirakira vokapifidianana any amin'ny distrika. Ireo nahazo fiofanana indray no hizara ny fahaizana noratoviny amin'ireo hiarakiasa aminy, any amin'ny distrika misy azy any avy. Fiofanana izay maharitra roa andro, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany.

V.R.



Ireo mpikirakira fifidianana any ifotony. ( Sary tahiry )

Foibe fitsarana fiarakodia(DGSR)

# Nampiditra 3 380 139 000 ar tao anatin'ny telo volana voalohan'ny 2024

Tontosa omaly tetsy Alarobia ny famindram-pitantanana teo amin'ny tale jeneralin'ny foibe fitsarana fiarakodia teo aloha, ny Jly Kassimo Arona Besony, sy ny tale jeneraly vaovao, ny Jly Reribake Jeannot. Nandritra ny fandraisampitenenan'ny Jly Kassimo Arona Besony, tao anatin'ny roa taona mahery nitondrany ny DGSR dia nisy ny vokatra tsara. Teo anelanelan'ny volana janoary sy martsa 2024 fotsiny dia nampidi-bola hatrany amin' ny 3 380 139 000Ar ny foibe fitsarana fiarakodia, orinasa tokana eo ambany fiahian'ny zandarimariampirenena. Efa ny 27,93 isanjaton'ny tanjona no tratra amin'izany.



Tontosa omaly ny famindram-pitantanana teo amin'ny Jly Reribake Jeannot DGSR vaovao sy ny Jly Kassimo Arona Besony DGSR teo aloha.

Ny taona 2021, nahatratra 311 754 ny isan'ireo fiara natao fitsirihana raha 333 038 izany ho an'ny taona 2023. Nisy 27 917 kosa ireo fandraisana ara-teknika tamin'ny 2021 ary nitombo 37 227 izany tamin'ny 2023. Ny fizahana mialoha ny fadin-tseranana kosa 2 226 ny 2021 raha 2 044 ho an'ny taona 2023. Ny fitsirihana tampotampoka ara-teknika an-dalambe kosa nisy 46 402 tamin' ny 2021 ary niakatra 78 879 tamin'ny 2023. Tamin'ny 2021, nahatratra 11 167 ireo taratasin'ny fiara nosontomina, raha 15 341 izany tamin'ny 2023. Nisy 15 080 kosa ny fitsidihamparitra natao tamin'ny 2021 raha 21 514 ny taona 2023. Tamin'ireo fiarakodiampanjakana indray, 1 800 no vita tamin'ny 2021 raha 1257 tamin'ny 2023. Ankoatra an'izany, ho fisorohana ny loza maro samihafa, misy foana ny hetsika "opération" ataon'ny DGSR mialoha ny fetin'ny paska, pantekoty sy ny maro hafa, ka 47 140 no isan'ny fiara voasava, ka ny 7 335 amin'ireo tsy afaka niasa. Ankoatra an'izany rehetra izany, nisy ny fanamboarana sy fanatsarana fotodrafitrasa natao, toy ny teny amin'ny foibe fitsarana fiarakodia hita eny Alasora, fanavaozana sy fanitarana miampy rihana iray ho an'ny birao iasan'ny ivontoerana Betongolo, sy ny maro hafa.

Jly Reribake Jeannot

Hitondra ainga vao eo anivon'ny DGSR indray ny fitarihan'ny Jly Reribake Jeannot ny foibe fitsarana fiarakodia. Manana andraikitra hiaro ny ain'ny mpampiasa lalana ny DGSR amin' ny alalan'ireo fitsirihana ara-teknika marobe ataon'izy ireo. Ankoatra izay, misy ny fanentanana sy fanabeazana ny mpampiasa lalana rehetra. Eo ihany koa ny fikajiana ny tontolo iainana amin'ny famerana ny fampiasana ireo fiara manetroka sy ny maro hafa. Ny Jly Reribake Jeannot no tale jeneraly faha-13 mitantana ny DGSR, izay manana Sata EPIC, na orinasa afaka mitady vola. Tsy mahazo famatsiambola avy amin'ny fanjakana izy ireo ka izay mitantana eo dia tokony hampandeha ny orinasa araka ny tokony ho izy sy mamelon-tena sady miady amin'ny lozam-piarakodia. "*Vina ny fampiharana antsakany sy andavany ny fitsipika mifehy ny asa, ny ady amin'ny kolikoly amin' ny lafiny rehetra, ny fanamafisana ny fahaizamanao, fampiharana ny politikan'ny fitsitsina, fanenana arak'izay tratra ny fandaniana. Mankasitraka ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiantsehatra rehetra amin'ny ady atao amin'ny lozam-pifamoivoizana ihany koa aho. Singaniko manokana eto ny Riders Scoot Community » izay efa niaraka niasa tamiko hatrany amin'ny ATT amin'izay fisorohana ny loza izay hatrany. Manomboka izao ihany koa, omena sehatra ireo mpanao fanatanjahantena kalaza eo anivon'ny zandarimaria. Hiaraka hiasa amin'izy ireo aho, indrindra amin'ny asa fisorohana loza, no sady hanabe ny olom-pirenena izy ireo."* hoy ny Jly Reribake Jeannot raha nandray fitenenana.

Etsy ankilan'izany, anisan' ny fomba fiasa vaovao hoentiny ihany koa ny fanokafana ivontoeram-pitsarana fiarakodia rehefa sabotsy manomboka amin' ny 7 ora maraina hatramin' ny 3 ora tolakandro. Betsaka, hoy izy, ireo olona miasa ary tsy manam-potoana amin' ny andavanandro ka tsy manana olona azo indramina. Hanomboka amin'ny sabotsy izao ny fisokafan' izany ary raha hita fa tsy ampy dia hitarina amin'ny toerana hafa. Hotohizana ihany koa ny fanamboarana fotodrafitrasa izay tena ilaina. Miaraka miasa amin' ny fitondram-panjakana ihany koa amin'ny fametrahana vina, toy ny tanamasoandro, ka amin'izany dia hisy ny paikady vaovao toy ny fametrahana ivon-toerana fitsarana fiarakodia ao amin'ny faritra Itasy. Hapetraka ihany koa ny fikambanam-behivavy zandary sy mpiasa vavy ho fampiraisana sy hanao ny asa sosialy.

Nanome fanampim-panazavana ihany koa ny Jly Reribake Jeannot eo anoloan'ny fampiakarana hatrany amin' ny 100 isanjato ny saran'ny fitsarana fiara ka nampitaraina ny olona. Ny filankevi-pitantanana, hoy izy, no manapaka izany ary efa tamin'ny 2017 no nisy fisondrotana farany. Mitombo ihany koa anefa ny vidin'ny kojakoja maro isan-karazany ampiasaina, ka tsy maintsy manaraka izany ny rehetra.

Tsiahivina fa ny ACM no nanankinana ny fitsirihana ara-teknika tamin'ny 1959, ary navadika ho ivontoerana izy ny taona 1968. Nanomboka tamin'ny 1976 kosa vao nankinina tamin'ny zandarimaria ny foibe fitsarana fiarakodia, ka ny 1 janoary 1989 izy no navadika ho DGSR. Tonga nanatrika ny fifamindrampahefana ny Jly Sekretera Jeneraly Minisitera Delege misahana ny Zandarimaria , Ny Jly Kaomandin'ny Zandarimaria, Ny Jly misolo tena ny lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika ary ireo manamboninahitra ambony sy sivily maro be.

Nath

**Samy...**

**Madio hoe !**

Andro sisa isaina dia ho tapitra ilay fe-potoana nomen'ny Filoham-pirenena ny mpitantana ny tanànan'Antananarivo amin'ny fanalana ireo fako mivangongo etsy sy eroa. Tanjona amin'izany moa, resaka isika samy isika ihany é, mba ho madio ity renivohitr'i Madagasikara ity. Eo amin'izay resaka madio izay, asa moa raha fifanandrifian-javatra na mba kisendrasendran'ny tetiandro fotsiny, fa nianjera tao anatin'ilay folo andro ilay fotoana fidiovana mialoha ny Taombaovao Malagasy. Raha eo ny ezaka amin'ny fanalana ny fako, misy ihany koa ny tomponandraikitra midina ifotony manentana ny mponina amin'ny hirosoana amin'ny fikajiana ny fahadiovan'ny tanàna. Nanambara moa ny mpitantana ny tanana vaovao fa hiroso amin'ny fampiharana ny sazy voalaza ao anatin'ilay fitsipi-pifehezana hikoloana ny fahasalamana (code municipal d'hygiène) amin' ireo mandoto ny tanàna. Dia izay no manazava ny fanentanana etsy sy eroa ankehitriny ao anatin'ity herinandro ity. Asa moa raha noho ny fanakaikezan' ny fahataperan'ilay folo andro fa misy ireo fokontany eto Antananarivo Renivohitra hiroso amin'ny fanadiovana faobe amin' izao faran'ny herinandro izao. Amin'ireo tranga sy toe-javatra samihafa ireo, resaka isika samy isika ihany, tsy tokony ho madio ve ny tanana ? Matoa mantsy madio anatin'ny fotoana voafetra ihany ny vakim-paritra sy ny fokontany, mbola misy fihetsika sy fisainana tsy madio any ho any fa misakaiza amin' ny mandoto !

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

**...isika**

Fanabeazana

# Mpianatra 61 mendrika nahazo vatsim-pianarana

Mandritra ity taom-pianarana 2023-2024 ity dia mpianatra 61 mianadahy hita fa mendrika sady mila tohana manokana no mahazo vatsim-pianarana. Nanapakevitra ny sekoly Iscam fa ho fanamaivanana ny saram-pianarana sy hahafahan'ireo mpianatra hita fa misongadina manohy ny fianarana dia omena tohana manokana izy ireo. Misy karazany roa ireo vatsim-pianarana hozaraina ka mpianatra 43 no hatolotra ho an'ireo mpianatra mila tohana manokana manohana licence 1 hatramin'ny licence 3, ary ireo manomana Master. Mpianatra 18 hita fa tena mendrika kosa no hampiana ho amin'ny andiany faharoa. Mpianatra avy ao amin'ny Iscam Ankadifotsy sy Antsirabe avokoa izy ireo. Voalaza fa mitentina 74 tapitrisa ariary izany famatsiam-bola natokana ho an'ny vatsim-pianarana izany. Izay maniry hisitraka izany vatsimpianarana izany, dia misy ny dosie tokony ho karakarain' ny mpianatra, sady mangataka. Misy ny komity manokana najoro mandinika ny resaka vatsim-pianarana fotsiny ka izy ireo no mihaino sy mijery ny fahaizana ary ny mombamomba ilay mpianatra. Efa tamin'ny 2008 no efa nisy ity tetikasa fanampiana mpianatra ity nataon'ny Iscam. Tanjona voalohany amin'izany ny hanohanana ireo ankizy mpianatra hita fa mahay mba hahavita hatramin'ny farany ny fianarany. Azo havaozina isan-taona ny fisitrahana ilay vatsimpianarana raha mbola maniry ny hitohizany ilay mpianatra.

Nath



Tanjon'ny Iscam ny hahavitan'ireo mpianatra ny fianarana hatramin'ny farany.

Fampidiram-bolan'ny Fadintseranana

# Hotohanan'ny Amerikanina mandritra ny roa taona

Natomboka omaly, teny Mamory Ivato, ny fiarahamiasan'ny Amerikanina amin'ny Fadintseranana Malagasy. Mandritra ny roa taona no hifanome tanana amin'ny fanatanterahana ny tetikasan'ny Sampandraharaha Amerikanina Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena, na ny USAID, ny Fadintseranana Malagasy sy ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana, na ny PNUD. Andrasana ao anatin'ity fiarahamiasa ity ny fitomboan'ny vola miditra amin'ny fadintseranana sy ny fifanakalozana ara-barotra rehefa tontosa hatramin'ny farany ny fametrahana ny rafitra vaovao andaniny, ary rehefa samy mahafantatra tsara ny fomba fiasa rehetra ny mpampiasa sy ny mpiasan' ny fadintseranana ankilany. Iarahan'ny roa tonta manatanteraka ny fanatsarana ny fomba fiasa amin'ny seranam-piaramanidina, indrindra fa amin'ny fitantanana ny mpandeha sy ny fikirakirana entana, toy ny fametrahana tolotra fanaovandraharaha mailaka sy ny fampiroboroboana ny varotra amin'ny aterneto.



Ireo mpiara-miombona antoka amin'ny fanatanterahana ny tetikasa.

**Hohatsaraina ny fitantanana**

Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny masoivoho amerikanina sy ny solontena maharitry ny PNUD eto Madagasikara. *"Ny fanatsarana ny mangaraharaha sy ny fahombiazan'ny fadintseranana dia mety hisy fiantraikany tsara amin'ny toekaren'i Madagasikara ary hanampy amin'ny fanangana ny fitokisana ilaina amin'ny fampitomboana ny fampiasam-bola amin'ny raharaham-barotra eto amin' ny firenena. Faly izahay manohana ny Fadintseranana amin'izao dingana lehibe amin'ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara izao."*, hoy Claire A. Pierangelo, masoivoho amerikanina miasa eto Madagasikara. Ny tanjona ao anatin'ity fiaraha-miasa ity dia ny hanatsara ny fitantanana eo anivon'ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra vaovao ho an'ny fampidiram-bola momba ny entana an'habakabaka sy an-dranomasina ary ny fampidirana ireo rafitra maoderina ao anatin' ny sehatra efa misy. Mifanindran-dalana amin' izany ny fanampiana ny Fadintseranana amin'ny fanatanterahana ny paikady stratejika ho an'ny fanavaozana amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fampahafantarana ny fenitra sy ny fanatsarana ny fizotran' ny asa eo anivon'ny Fadintseranana Malagasy.

**R. Muray**

CNFTF Angavokely

# Mpiasan'ny MEDD 30 miofana ho mpianala

Mba hahafahana miantoka ny fanatanterahana ny asa any amin'ireo faritra arovana, sy hiantohana ny fandriam-pahalemana ary hikajiana ny tontolo, mpiasan'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovain-jafy 30 no hisitraka fiofanana ho mpianala. Noraisaina tamin'ny fomba ofisialy omaly izy ireo rehefa maniry ho lasa mpianala. Iaraha-mahalala mantsy fa anisan'ny antony iray mampirongatra ireo karazantsindry misy ny tsy fahampian'ireo mpianala ireo. Anisan'ny paikady noraisin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ny fanofanana mitohy ("formation continue") ho an'ireo mpiasa efa ao amin'ny Ministera, izay atao eo anivon'ny CNFTF Angavokely. Maharitra 18 volana ny fiofanana ary hiparitaka eny anivon'ny Fitaleavamparitra aorian'izay hanampy isa ireo mpianala eny anivon'ny Faritra izy rehetra aorian'izay. Araka ny fanazavan'ny minisitra Max Andonirina Fontaine dia "Anisan'ny fampitomboana ny harena ara-olona, izay ain-dehiben'ny Ministera ity fiofanana mitohy ity, ary ho fanatanterahana ireo sy ho fanatrarana ny vina "Loharanon-karena mifototra amin' ny olona", "Fampiroboroboana ny indostria sy ny fanodinana ara-toekarena" ary ny "Fahaiza-mitantana" izany. Ankoatra ireto mpiasa 30 hanaraka fiofanana ireto dia hisy mpianatra 30 hafa ihany koa horaisina hanampy isa azy ireo. Ny 15 martsa izao no fara-fandraisana ny antontan-taratasy hahafahana mifaninana amin'izany ka anentanana ireo te hitondra anjara biriky ho an'ny Firenena.


Izy 30 mianadahy hiofana eny Angavokely.

**Nath**

Tambajotram-pifandraisana 4G

# Ambony indrindra ny taham-pandrakofana eto Analamanga

*Eo amin'ny 55 isanjato ny taham-pandrakofana nasionaly.* Efa mahenika ny faritra 23 manerana ny Nosy ny tambajotram-pifandraisana 4G. Araka ny antontanisa ofisialy navoakan'ny ARTEC (Autorité de Régulation de Technologie de Communication) ho an'ny taona 2022 dia eo amin'ny 55 isanjato ny taham-pandrakofana manerana ny Nosy. Samy efa tongan'ity tambajotram-pifandraisana ity avokoa ny faritra 23, saingy ny eto amin'ny faritra Analamanga no ambony indrindra ny taham-pandrakofana, izay efa mahatratra 85 isanjato mahery. Manarakaraka azy i Diana, 80 isanjato mahery, Vakinankaratra 80 isanjato latsaka, Sava 75 isanjato mahery, sns. Ny any Melaky no ambany indrindra amin'io taham-pandrakofana io, satria eo amin'ny 10 isanjato mahery fotsiny. Ambony be kosa ny taham-pandrakofana ho an'ny tambajotram-pifandraisana 3G, satria efa mahatratra 73 isanjato amin'ny ankapobeny any amin'ireo faritra 23 manerana ny Nosy. Anisan'ny tombony lehibe amin'ny fampiasana ny tambajotram-pifandraisana 4G ny fahafahana misitraka aterneto matanjakana sy haingam-pandeha. Tsiahivina fa efa nisy koa ny fanandramana ny tambajotram-pifandraisana 5G teto amintsika, saingy mbola tsy fantatra ny tohiny, kanefa azo antoka fa hitondra ainga vao eo amin'ny tontolon'ny fifandraisan-davitra sy ny kajy mirindra. Na eo aza ny fananana ireo fotodrafitrasa nomerika ireo dia mbola ambany ny tahan'ny Malagasy mampiasa aterneto. Ny 22, 3 isanjaton'ny Malagasy no nisitraka izany tamin'ny taona 2022. Anisan'ny mbola sakana amin'ny fitrandrahana ity teknôlôjia ity ny fahalafosan'ny vidin'ny aterneto eto amintsika.

**R. Muray**

Jeunes Espoirs de Madagascar

# Maro ireo efa nisitraka tombontsoa taminy

5 taona eo izay no niforonan'ny fikambanana Jeunes Espoirs de Madagascar « JEM ». Misehatra amin'ny lafiny ara-tsosialy izy ka tafiditra amin'izany ny fampiofanana ireo tanora sy ny tsy manana asa. Nambaran'ny filoha nasionaliny, Rasolofoarison Rija Herizo, fa 30000 ny isan'ny mpikambana ao aminy ary efa saika manerana ny faritra eto Madagasikara no misy ny sampany. Miankina amin'ny filàn'ny olona no tena hifantohana sy hanaovana ilay fiofanana, hoy Ingahy filoha, ary tsy misy fepetra manokana takiana amin'ny fanatrehana izany fiofanana izany. Tsy mijanona amin'ny fampiofanana fotsiny fa manaraka ireo mpiofana sy mijery ny lalam-barotra ho azy ireto ny fikambanana, izay miara-miasa amin'ny minisitera sy ireo mpanohana azy maro isan-karazany. Malalaka ny fidirana ho mpikambana, hoy hatrany ity filohan'ny JEM ity, ary nambarany mazava fa tsy manao politika. Marihina fa maimaim-poana ny fiofanana fa ireo mpiofana kosa no miantoka ny fitaovana sy ireo akora fototra hoentiny miasa aorian'izany. Ho fifanampiana sy hahafahan'ny tanora mivoatra amin'ny fianana no tena tanjon'ny JEM, hoy hatrany Ingahy Herizo Rasolofoniaina, izay mampiofana ihany koa ireo mpampiofana, satria dia izy ireny no hizara traikefa any amin'ny faritra manerana an'i Madagasikara.

**Rabenaivo**


Afa-po tamin'ny asa vita hatreto ireto mpitantanana ny JEM ireto.

Mercy Ships

# Manana hatramin'ny 29 martsa 2024 hisoratana anarana ny olona

Nisokatra nanomboka ny 11 martsa 2024 lasa teo ary mifarana amin'ny 29 martsa 2024 ny fisoratana anarana ho an'ireo maniry hotsaboina sy izay te hisitraka fandidiana ao amin'ilay hopitaly sambo Mercy Ships, izay efa nigadona iray volana lasa tao Toamasina. Ny alarobia sy ny faran'ny herinandro ihany izy ireo no tsy mandray amin'izany. Ho an'Antananarivo, dia eny amin'ny Hopitaly Andohatapenaka no misy izay fisoratana anarana. Ho an'i Toamasina kosa, ao amin'ny CHU Analankininina, ao Brickaville eny amin'ny CHRD Brickaville, any Vavatenina kosa ao amin'ny CHRD Vavatenina, CHRR Amparafaravola ho an'ny any Alaotra Mangoro, CHRR Miarinarivo ho an'Itasy, CHRR Betsiboka ho an'i Maevatanana sy Betsiboka, CHRD Ambilobe ho an'ny faritra Diana, CHRR Antsohihy ho an'ny faritra Sofia, CHRD Morafenobe ho an'ny faritra Melaky, CHRR Ihosy ho an'ny faritra Ihorombe, ary CHRR Manakara ho an'ny faritra Vatovavy sy Fitovinany. Marary 1 500 no eritreretina hotsaboina ary mpitsabo 35 teratany vahiny sy avy amin'ny firenena samihafa no mandray antanana azy ireo. Ny Mercy Ships kosa no mandray antanana ny saran-dalana sy ny fampiantranoana ireo marary ireo any Toamasina. Betsaka ireo olona niasa saina mikasika ny fotoana hanombohan'ny fitsaboana, satria efa tamin'ny 7 febroary 2024 ny sambo no efa tonga tao Toamasina, saingy ankehitriny vao manomboka ny fisoratana anarana ho an'ireo maniry hisitraka fitsaboana.



**Efa tamin'ny fiandohan'ny volana febroary no nigadona tao Toamasina ny sambo Mercy Ships izay hitsabo sy handidy ireo Malagasy marary.**

**Nath**

Ambatovy

# Manohana ireo tanora mpandraharaha

Mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny faritra iasany Ambatovy. Ho fanamafisana ireo tombontsoa hoentiny eo amin'ny toekarena eto an-toerana dia nisy ny fametrahany fandaharanasa ho fanofanana tanora mpandraharaha miisa 50 ao anatin'ny faritra Alaotra Mangoro sy Atsinanana. Natao hanampiana amin'ny famoronana sy fampiroboroboana orinasa no tanjona. Miara-miasa amin'ny fanatanterahana azy ny ONG St Gabriel sy La Fabrique, izay misahana ny fitarihan-dalana sy ny fampiofanana ireo mpandraharaha ireo mandritra ny roa taona. *"Nandrato fahalalana mikasika ny fomba fitantanambola sy tetikady entina mivarotra aho tamin'ny alalan'ity fandaharanasa ity."*, hoy Raholiariniaina Simon, mpisitraka ny fandaharanasa famoronana sy fampiroboroboana orinasa vatsian'Ambatovy vola. Ity farany izay nanangana ny orinasany manokana momba ny fiompiana bitro goavambe toy ny "Géant des Flandres".

**R. Muray**

Ambohidrapeto

# Fatin-jazakely hita tao an-gabone

Ny alatsinainy hariva teo no nahitàn'ny olona ity fatin-jazakely nisy nanary tao anaty lava-piringa iray teny Ambohidrapeto- Itaosy. Ny mpampiasa ilay lava-piringa no taitra raha nahita izany satria tsy tena tao anaty lavaka ilay izy fa napetraka teo amin'ny sisiny saingy efa nihosina maloto. Raha ny fanazavana azo dia fatin-jazakely vao teraka mihitsy ity nisy nanary ity.Tsy fantatra kosa na efa maty ilay izy no nariana tao na sanatria novonoina. Efa mandeha moa ny fanadihadiana ataon' ny mpitandro filaminana eny an-toerana amin'izao. Karohina ihany koa ny olona nahavanona izao. Tsy nisy nahatsikaritra ny zavanitranga moa ny teo amin'ny manodidina fa mety nokendrena tamin'ny fotoana tsy naha-be ny olona tao amin'ilay toerana no nanariana io fatin-jazakely io tao. Tsy vao sambany rahateo moa no nahitàna trangan-javatra toy izao fa efa matetika ihany.

**R.C**

Andoharanofotsy

# Mpitondra taxi-môtô nopoizinina dia nangalarina ilay môtô

Mpitondra taxi-môtô no niharan'ny asan-jiolahy satria dia rehefa avy nopoizinina izy dia nangalarina avy eo ny môtô nentiny. Rehefa nandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana dia voasambotry ny polisin'Itaosy ny 24 febroary lasa teo teny Andoharanofotsy ny lehilahy miisa telo izay voarohirohy ho tompon'antoka tamin'ilay raharaha. Rehefa niakatra fampanoavana ny 4 martsa lasa teo izy ireo dia nanapa-kevitra ny mpitsara nampiditra am-ponja vonjimaika azy ireo. Efa nomanin'ireo jiolahy asa ratsy. Ny iray mody manakana taxi-môtô ka rehefa raikitra ny ady varotra dia naterina izy. Rehefa tonga any amin'ilay toerana haleha indray dia mividy zava-pisotro ny iray hafa ary mandrotsaka fanafody fampatoriana omena ilay mpitondra môtô ka rehefa matory izy dia hangalarin-dry zalahy mora foana ilay kodiaran-droa. Nandeha nitondra ny raharaha teny anivon'ny manampahefana ilay lasibatra taorian'izay ka rehefa nandeha ny fikarohana dia ireo voasambotra ireo izy telo lahy. Nandritra ny fisavana natao tamin'ny fotoana nahasamborana azy ireo dia môtô scooter telo no hita teny amin-dry zalahy. Fantatra fa izy ireo no tompon'antoka amin'ny resaka halatra môtô eto an-drenivohitra.




**Ireo voasambotra miaraka amin'ireo môtô tratra teny amin'izy ireo.**

**T.H**

# Teny rehetra teny



**Notokanana tany Toliara omaly ny tsangambato fahatsiarovana ny Filoha teo aloha Didier Ratsiraka.**




**Ny Ambasadaoro amerikanina, Claire A. Pierangelo, nandritra ny lanonana fanomboahana ofisialy ny tetikasan'ny USAID eo anivon'ny Fadintseranana Malagasy.**






**Rahoviana ihany vao ho azon'ny tompony itony " trano mora " mijoalajoala eny Ivato itony ?**



**Madiva hifarana ilay folo andro, fe-potoana nomena ny PDS hanesorana ny fako mivangongo eto Antananarivo**

## Sarisary zary tenany

Pams




## Hatsikana an-tsary

Teny sinoa




## Masoandro Miposaka

**Ezekiela 16 : 59-60**


59 Fa izao no lazain'i Jehovah Tompo: Araka ny nataonao ihany no hataoko aminao, izay namingavinga ny fianianana ka nivadika ny fanekena.
60 Nefa hotsarovako ny fanekena nataoko taminao, tamin'ny andro fahakelezanao, ka hanorina fanekena mandrakizay aminao Aho.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tezi-dresaka, hoatra an-dRaini-tsimaniry.**

Parler avec colère, comme Raini-tsimaniry.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3195**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 5 | | | | | | 2 | |
| | 6 | | 5 | | 2 | | 8 | |
| 8 | | 2 | | | | 5 | | 4 |
| | | 6 | | 2 | | 7 | | |
| | | | 9 | 4 | 6 | | | |
| | | 1 | | 3 | | 9 | | |
| 6 | | 9 | | | | 8 | | 3 |
| | 7 | | 4 | | 9 | | 5 | |
| | 2 | | | | | | 9 | |

Valin'ny laharana **3194**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 3 | 6 | 7 | 5 | 2 | 4 | 9 | 8 |
| 7 | 4 | 2 | 9 | 8 | 6 | 1 | 5 | 3 |
| 5 | 9 | 8 | 1 | 4 | 3 | 6 | 2 | 7 |
| 3 | 7 | 5 | 8 | 2 | 1 | 9 | 6 | 4 |
| 6 | 2 | 9 | 4 | 3 | 7 | 8 | 1 | 5 |
| 4 | 8 | 1 | 6 | 9 | 5 | 3 | 7 | 2 |
| 8 | 5 | 4 | 2 | 1 | 9 | 7 | 3 | 6 |
| 2 | 1 | 7 | 3 | 6 | 4 | 5 | 8 | 9 |
| 9 | 6 | 3 | 5 | 7 | 8 | 2 | 4 | 1 |

Antsirabe - Tobim-piantsonana Piste

# Mitaraina ireo mpivarotra fa mihoapampana ny vola takiana aminy



**Miteraka korontana eo amin'ny mpivarotra ny fitakiana vola mihoapampana. (Sary : Andry N)**

Efa hatramin'ny volana may 2023 no nisy ny disadisa teo amin'ireo mpivarotra sy ny sampandraharaham-paritry ny fitaterana miaraka amin'ny ireo voalaza fa mpitantana ny tobim-piantsonana ao amin'ny piste Vatofotsy.

Mpivarotra iray no niantefan'ny antsonjay tany amboalohany. Nokasain'ny sampaharaharaham-paritry ny fitaterana nesorina teo amin'ny toerany ity mpivarotra ity. Niakatra fitsarana ny raharaha ka tsy naharesy lahatra ny fanazavan'ny Ingahy talem-paritry ny fitaterana teo aloha ka nitarika azy tamin'ny fahareseny. Nambaran'ity farany mantsy fa hanamboarana tetikasan'ny Filoha ny toerana, ka mila miala amin'ny toerany ity ramatoa mpivarotra ity.

Ankehitriny dia itakiana vola indray ireo mpivarotra, tsy ilay ramatoa irery intsony fa voakasika avokoa rehefa mpivarotra eo amin'ny tobim-piantsonana rehetra, hatramin'ireo mpanao varo-mandeha. Misy ny fifanarahana antaratasy "contrat" navoakan'ireo komity mpitantana ny tobim-piantsonana ka izay tsy manaiky hanao sonia io fifanarahana io dia homena fampilazana mialoha amin'ny fanesorana azy avy hatrany eo amin'ny toerany.

Itakiana hatramin'ny 10.000 ariary isam-bolana ireo mpivarotra madinika manao varo-mandeha, toy ny voankazo , "caca pigeon" sns…. ka vao mitsidika ny volana dia tsy maintsy haloa io vola, hoy ny solontenan'ireo mpivarotra. Tsy misy sokajiny ireo mpanao varo-mandeha ireo fa dia itakiana an'io vola io avokoa.

Toy izany ihany koa ireo mpivarotra mipetraka toy ny hotely, na mpivarotra enta-madinika, dia tsy maintsy hanofa 100.000 ariary ny toerany.

Didy jadona no andraisan'ireo mpivarotra ity fanapahankevitry ny mpitantana ny fiantsonana ity ka anaovan'izy ireo fitarainana amin'ny mpitondra mahefa eto an-toerana hamaha ny olana. "*Tsy mandà ny handoa ny hofan'ny toerana izahay*" hoy ireo mpivarotra *"raha izay no lamina vaovao, fa mihoapapana ary mihoatra ny tokony ho izy ny vola takiana aminay, tsy misy anefa ny tamberin'andraikitra*" hoy hatrany ny fazavana, *"fa miaina anaty loto sy korontana izahay."*

**Andry N.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 584 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Mish-Mash

**Zavatra ilaina:** voatabia 4, poavrao maitso 1, poavrao mavo 1, tongolo be 2, menaka, atody 4, fromazy 100g, persily notetehina, sira sy dipoavatra.

**Fikarakarana azy** : Arotsahy anaty rano mangotraka ny voatabia dia voasy. Sasao madio ny poavrao dia teteho manify ary torak'izay koa ny voatabia. Endaso ny tongolobe anaty menaka dia arotsahy ao ny legioma rehetra. Arotsahy ao ny fromazy sy ny atody dia afangaroy anatin'ilay lapoaly. Vetivety eo amin'ny 3 mn dia masaka. Raraho persily notetehina ety ambony amin'ny farany. Arosoy mafana miaraka amin'ny mofo nendasina.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**09 mars au 15 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Romantique
10.15 : Magazine
12.00 : Météo
12.30 : News du 12h30
13.00 : Vaovao
13.30 : A votre santé
14.15 : Dessins animés
16.00 : Journal International
17.00 : Full sport
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Dramatique
23.00 : Journal International
23.45 : Film Romantique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Action
05.00 : Série ®
05.15 : Rhefi

**K**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : Ny Vaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**RECORD TV**

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DESSINS ANIMES
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

**VIVA**

01.41 : Film
03.21 : Film
05.03 : Clips : Misy Raha ®
05.10 : Journal : Viva Événement VM ®
05.50 : Culte : Tsara taiza
05.55 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva Prod : Viva Futbol Masters ®
07.43 : Série Act Av Po : ARROW
08.29 : Série : Les Agents du Shield
09.11 : Série : Star Wars: The Clone Wars
09.34 : Série : Parks and Recreation
10.04 : Film
12.22 : Série k-drama : Can we love ®
13.32 : Journal : Flash Actus
Je prie pour Madagascar – (ELIANDRY)
13.42 : Clips : Misy Raha
14.12 : Music& News : HIT LOUNGE ®
15.04 : Viva Prod : iLoko
15.17 : Film animation : Wish Dragon 2021 720 p25
17.18 : Série k-drama : Can we love
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.43 : Gastronomie : Sabahely ®
18.56 : Série Animation : Kung Fu Panda: The Dragon Knight ®
19.20 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Viva co Prod : Minute Fihariana
20.53 : Série dramatique : Dynastie 2017 (-10)
21.38 : Film
23.30 : Journal : Viva Événement VM ®

**blueline**

**09h13 – Sports extrêmes : "Killy, un temps d'avance"**
Trek – Canal 60 (option monde)

**12h00 – Découvertes : « FOOD FACTORY USA »**
National Geographic – Canal 78 (bouquet découverte)

**15h20 – Série policière : « Rex, chien flic »**
France 3 – Canal 13 (bouquet découverte)

**16h07 – Série d'animation : « Spirit : Au galop en toute liberté »**
Tiji – Canal 32 (option famille)

**17h35 – Série : « Grey's Anatomy »**
AB3 – Canal 43 (option divertissement)

**19h46 – Film : « Rodéo »**
CTV EMOTION – Canal 86 (option ciné)
**De :** Lola Quivoron.
**Avec :** Julie Ledru, Yanis Lafki, Antonia Buresi. Julia vit de petites combines et voue une passion dévorante, presque animale, à la pratique de la moto. Un jour d'été, elle fait la rencontre d'une bande de motards adeptes du cross-bitume et infiltre ce milieu clandestin, constitué majoritairement de jeunes hommes. Avant qu'un accident ne fragilise sa position au sein de la bande.

**23h00 – Football coupe de France : "Paris-SG vs Nice" (EN DIRECT)** New world sport 1 – Canal 66 (option sport)

## TELEFAONINA ILAINA

"Pureplay Football League"

# Franklin Andriamanarivo, namaly ny tranga nisy teo aminy sy ny Coach Naval Joachim

*Heverina fa hifarana hatreto iny toe-draharaha nafampana iny fa hisy ny vaha olana amahana azy haingana.*



Ankoatra ny Barea de Madagascar dia efa maro ny ekipa nozariny.

Mba tsy hisian'ny tompontrano mihono sy ny feondakolosy tokana tamin'ny zava-nitranga, tany amin'ny kianjan'i Maître Kira tamin' ny alahady 10/03/2024 teo, nandritra ny fihaonan'ny 3 FB Toliary sy ny DATO FC Farafangana, dia indro atolotra manontolo etoana ny tatitra nataon'ny Coach Franklin Andriamanarivo, nalefany tamin'ny ambaratongan-drafitra samy hafa. Ilay tatitra dia miendrika setrin-dahatsoratra nivoaka tetoana (Gazetiko : Nomerao 7819 - 12/03/2024) tamin'ny herisetra nianjady tamin'i Navalina Joachim Andriatina "Coach Naval", izay milaza hitory ny nikasitanana taminy. Voalazan' ilay tatitra fa ny Filohan'ny Ligin'Atsimo Andrefana no nikasi-tanana an'i Coach Naval fa tsy ny Coach Franklin, noho ny tsy fanajana ka niteraka fahatezerana taminy. Heverina fa hifarana hatreto iny toedraharaha nafampana iny fa hisy ny vahaolana amahana azy haingana amin'ny alalan'ny fampanjakana ny toe-tsaina tena "spaortifa", satria ny hoavin'ny baolina kitra no mety ho voatohintohina.

**Tsara ho fantatra ny voarakitra ao anatin'ilay tatitra :**

"Tamin'ny 10 martsa 2024 tamin'ny 9 ora maraina no natao ny réunion technique tao amin'ny Maison Mosa Toliara. Tonga nanatrika ny solontenan'ny ekipa roa tonta, ny arbitres izay notarihiko amin'ny maha Commissaire au match ny tenako. Nilamina ny réunion technique. Noresahana ny mikasika ny lalàna mifehy ny compétition ka notsindriana ireto teboka ireto : Equipe A, 3 FB Côté Nord, Equipe B, DATO FC Côte Sud ka ny ligne médiane no nanasaraka. Contrôle 13 H 30 mn. Coup d'envoi 14 H 30 mn. Arrivée de l'équipe au stade 13 H. Couleurs de l'équipe. Tamin'ny 12 H dia efa tonga niditra ny stade ny DATO ka avy hatrany nipetraka ny côté Nord amin'ny corner, izay zone misy an'ny 3 FB. Niresahan' ny sécurité sy ny CTR ary ny Président Ligue ny DATO FC fa tsy nety niala ary nifamaly, nifanompa. Niantso ahy Commissaire au match ny Ligue handamina. Tonga ny tenako tamin'ny 12 H 45 mn. Nanatona an'ny DATO FC, niarahaba an'i Coach Naval. Niresaka taminy zaho. Coach Naval, efa nilamina ny réunion technique tamin'ny maraina ka miangavy anao ento ny ekipanao hikisaka eny amin' ny côté misy anareo côté Sud. Namaly Coach Naval ka nametraka fanontaniana amiko "*Lalàna international ve izany* ?". Namaly azy aho "Tsy match intérnational no ataontsika fa compétition nationale ary misy règlement mifehy sy fandaminana anatiny ka ianareo équipe B côté Sud, 3FB équipe A côté Nord ary fantatrao izany. Ny mpilalao moa efa mandrangitra tabataba, ompa, tsy hiala eto izahay na misy Police, Gendarme ary ny ompa hoe "*Le…, tsisy miala eto Ki…' ireto fa ho hita ze hataondreo fa hafa Zanakala tsindriandreo io*". Andriamatoa Ministre, ialana tsiny ny famerenana ny teny ompa eto amin'ny tatitra. Tezitra ny 3 FB sy ny CTR ary ny Président Ligue fa noezahako nakisaka. Niangavy an'i Coach Naval izaho mba hiala teo. Namaly izy "*Hiteny amin'ny ekipako aho fa hivory aloha izahay* ". Tsy maninona hoy aho fa omena 5 minitra ianareo hivory. Avy hatrany Coach Naval niresaka hoe "*Andrasonareo eo aho fa hangery zay vao mivory*". Olombelona aho tezitra tamin'i Coach Naval. "*Io fomba fiteninareo, le…, ki…io tsy mety aminay aty ary izaho izay zokinao no rangitinao hoe HANGERY AHO vao miresaka mivory*". Tezitra ny Président Ligue sy ny ekipany ka namelaka tehamaina an'i Coach Naval "*mamalia ianao fa iha Mpanjakanay fa HANGERY dia miandry anao izahay"*. Niezaka nandamina ny tenako ka nampikisaka nanala an'i Président Ligue sy ny ekipany. Nifona tamiko ny solontenan'ny DATO sy ny Chauffeur ka niala teo amin'ny côté Nord ry zareo. Tonga ny amin'ny 14 H nanao publication Coach Naval. Niresaka tamiko ny Autorité nanatrika ny match fa hiantso an'i Coach Naval mikasika ny publication ka hanao fanadihadiana. Namaly an'izany aho "*Miangavy anareo aho Tompoko avelao aloha mba ho concentré amin'ny match izy sy ny ekipany fa resahan rehefa vita ny match*". Tapitra ny match, score final 1 sy 0 nandresy ny 3 FB. Niteny ny sécurité ny tenako hanaramaso an'i DATO FC mandram-piala eto Toliara. Nanao ny asany ny mpanao gazety teto Toliary ka nanao fanazavana mikasika ny tranga nisy sy ny fizotry ny lalao. Andriamatoa Ministre, tsy tia misehoseho aho na dia milaza ny olona "*manaova fanambarana Vidéo hanazava ny tranga nisy marina fa ny séquence misy ahy sy Président Ligue no navoaka sy publiéna*". Ny lehibeko no anaovako tatitra anazavako ny tranga. Andriamatoa Ministre, olombelona aho manoloana iny tranga iny dia ampanetretena no itondrana teny fialantsiny sy fifonanana teo amin'ny fiteny sy fihetsika amin'ny maha mpiasampanjakana ambony ny tenako eny ary fa na dia tsy mety amin'ny fomba sy kolotsaina aty Atsimo ny resaka OMPA sy HANGERY nahazo ahy amin'ny maha zokiny ny tenako" (…)

**aris rafaly**

## TSIPAKA

Vao miandoha ny taona 2024 dia nahazo taratasy fampitandremana tamin'ny mpitantana ny federasionina amin'ny baolina kitra ny tomponandraikitry ny Ligin'i Matsiatra Ambony. Fampitandremana nivoaka taorian'ny fivoriana nataon'ny komity mpanatanteraky ny FMF tamin'ny volana febroary lasa iny (23/02/2024).

**Fanajana fitsipika**

Voalaza fa fanohintohinana ny sata mifehy ny F.M.F, izay voarakitra ao amin'ny andininy faha-15, no nataon'ny tomponandraikitra voalohan'ny Ligin'i Matsiatra Ambony. Nanterin'ilay taratasy fampitandremana fa tokony hiahy sy hiaro ny fitsipika napetraky ny federasionina amin'ny ezaka atao amin'ny fampandrosoana ny baolina kitra ny mpitantana an'ireny ligy ireny. Araka izany dia nambara fa mihatra ny lalàna raha misy ny tsy fanajana ny fanarahana ny fitsipika ifehezana an'ity taranja ity. Antenain'ny FMF araka izany fa samy ahatsapa tena ny rehetra amin'ny andraikitra sahaniny any anivon'ny ligim-paritra tantaniny avy.

**a.r**

"PFL 2023 / 2024 - J5"

# Saro-toerana ny AJESAIA

Manoloana ny faharesena inefatra nisesy nianjady taminy, dia miahiahy fatratra amin'ny hoavin'ny ekipan'ny AJESAIA avy any Bongolava ny mpankafy azy. Tsiahivina fa tamin'ny alahady teo, dia tamin'ny isa mazava 3 no ho 1 no nandresen'ny ekipan'ny Tsaramandroso FC avy any Mahajanga azy, tany amin'ny kianjan'i Tsiroanomandidy. Raha ny zava-bitany nanoloana ny ekipan'ny Fosa Junior Boeny tany amin'ny kianja Rabemananjara, teo alohan'ny fihaonana nataony tamin'ny alahady teo ity, dia nihevitra ny mpanaraka baolina kitra fa hanavotra ny fahavoazany ny ekipan'i Tanikatsaka. Nifanohitra tamin'izany anefa no nitranga ! Soritana fa mbola tsy miova amin'ny fomba filalaony ny AJESAIA fa ny famonoam-baolina no olana. Efa nifindra lasy ny ankamaroan'ny mpilalaony tompon-toerana fa zazavao ny 2/3 mandrafitra azy amin'izao fotoana izao. Mitana ny laharana faha-8 farany ao anatin'ny « Conférence Nord » ny ekipan'i Tanikatsaka, izay mbola hiatrika lalao telo, aorian'ny andro faha-5 hatao amin'ny faran'ny herinandro izao. Tetsy andanin'izany anefa ny ekipan'ny CFFA ao anatin'ny « Conférence Sud », izay efa nirefarefa nitovy filaharana taminy, dia nahazo fandresena teo anatrehan'ny Disciples FC avy any Vakinankaratra ka niakatra amin'ny laharana faha-6, alohan'ny Inate FC Rouge sy ny DATO FC. Handray ny AS Fanalamanga, eny amin'ny kianja Ambohidratrimo, ny AJESAIA amin'ny sabotsy 16/03/2024, ka tsy maintsy mitady fandresena raha tsy te ho ratsy toerana hatrany. Marihina fa ny ekipan'ny Elgeco Plus Analamanga sy ny Fosa Junior FC hatrany no mitana ny laharana voalohany vonjimaika any anatin'ny « Conférence » misy azy ireo.

Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao amin'ny faran'ny herinandro (2 ora) :

« *Conférence Nord* » : Sabotsy 16/03/2024 : Kianja Ambohidratrimo / AJESAIA # AS Fanalamanga ; Alahady 17/03/2024 : Kianja Antsiranana / ASA Diana # COSFA – Kianja Mahajanga / Tsaramandroso FC # Fosa Junior – Kianja Ambanja / KFCA Diana # Uscafoot.

« *Conférence Sud* » : Sabotsy 16/03/2024 : Kianja By Pass / Disciples FC # MAMA FC ; Alahady 17/03/2024 : Kianja Me Kira Toliary / 3 FB Toliary # Inate FC Rouge – Kianja By Pass / CFFA # Elgeco Plus – Kianja Manakara / DATO FC # Zanakala FC.

**aris rafaly**



Miandry an'ny Zanakala ny DATO FC !

Lomano - Ligin'Analamanga

# Hampiofana ny "Surveillant de Baignade Professionnel" sy ny "Maître Nageur Sauveteur"

Ankoatra ny fifaninanana izay ho karakarainy eny amin'ny dobo filomanosan' ny "Académie Nationale des Sports (A.N.S)" Ampefiloha amin'ny faran'ny herinandro izao, dia hampiofana ny tomponandraikitra misahana an'ireny foto-drafitrasa saro-pady ireny Rtoa Valisoaniaina Rasoanjanahary sy ny ekipany, mitantana ny Ligin'Analamanga, amin'ny talata 02 aprily 2024 ka hatramin'ny zoma 19 aprily 2024, eny amin'ny hotely Sooatel 67 Ha. Hitarika ny fampiofanana ny manampahaizana manokana momba ny vonjy taitra, hatao amin' ny mpilomano tra-pahavoazana. Ahazo tombontsoa amin'izany fampiofanana izany ny "Surveillant de Baignade Professionnel (S.B.P)" sy ny "Maître Nageur Sauveteur (M.N.S)", izay tena ilaina tokoa ny fisiany amin'ny fampihodinana ny dobo filomanosana. Tsapan' ireo mpikarakara fa misy manao an-tandrevaka ny mpilomanony ny sasany amin'ireny hotely manana dobo filomanosana ireny, izay tsy manana S.B.P sy M.N.S kanefa tena ilaina tokoa amin'ny fiarovana ny ain'ny mpanjifany. Anterina fa fiaraha-miasan'ny A.N.S sy ny Ligim-paritra Analamanga ny fanaovana an' izao fiofanana izao.

**aris rafaly**

PASI PASI

Randimbinirina Andriniaina (alias Toubih)

# Filohana klioba fa mbola miara-mikotrana amin-janany

*Ny filohan'ny klioba JJB Attila sy ny zanany indray no vahinintsika eto amin'ny PASI-PASI anio.*



Miara-milona tanteraka amin'ny fanaovana JJB izy telo mianaka.

**Gazetiko :** Anaranao feno.
**Toubih :** Randimbinirina Andriniaina (alias Toubih).
**Gazetiko :** Firy taona ianao ? Dia mbola manao JJB ve? Ao amin'ny klioban'iza?
**Toubih :**47 taona, ceinture violette ary filohan'ny klioba JJB Attila.
**Gazetiko :** Nanomboka firy taona ianao no nanao JJB?
**Toubih :**Tamin'ny taona 2010 no nanomboka nanao JJB, zany hoe tamin'ny 33 taona.
**Gazetiko :** Firy ny zanakao ? Iza avy dia manao JJB daholo ve?
**Toubih :** Manan-janaka 2, samy manao JJB daholo, ny lahimatoa Randimbinirina Rakotomanana Yusha Andry Ny Aina, 21 taona, ceinture violette, dia ny faralahy Randimbinirina Rakotomanana AR'Aina Andry Ny Fanahy, 17 taona ceinture bleue
**Gazetiko :** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny JJB?
**Toubih :** Vao niditra kelikely dia hitako hoe ilaina ilay mikotrana sy ny JJB mihitsy, dia nentiko nanaraka ahy ry zareo, ary tsy ela dia tia an'ilay taranja avy hatrany, ka mbola mitohy hatramin' izao.
**Gazetiko :** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
**Toubih :** Hatreto aloha mbola tsy voantso nandrafitra ny ekipam-pirenena. Mino sy manantena kosa anefa fa mbola ho avy izany.
**Gazetiko :**Ahoana izany hoe miaraka manao JJB inareo mianakavy izany?
**Toubih :** Mampisy tokotanim-pifandraisana be eo aminay ilay samy manao JJB. Isaorana ny ankizy nanaiky sy nanara-dia ahy, fa mahafinaritra be ilay izy.
**Gazetiko :** Ankoatra ny JJB, inona no fialambolinareo mianakavy ?
**Toubih :** Ankoatra ny JJB dia miara-manao mozika ihany koa izahay, ary efa manana ny tarika anay manokana mihitsy aza eo amin'ny sehatry ny zavakanto (tarika 4-maso).
**Gazetiko :** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
**Toubih :** Misy fifampitaizana, fifampizarana betsaka ao anatiny. Azo atao fialamboly sy fitaizana vatana, ary tena mahafinaritra ny fanaovana spaoro. Manentana ny fianakaviana izay mamaky izao lahatsoratra izao mba hanao fanatanjahantena (indrindra hoe miaraka). Tsy ny vatana irery ihany no voavolavola, fa ny saina sy fanahy indrindra ihany koa.

**Rabenaivo**

Rugby - Federal 2

# Hiverina masiaka ny Club Etoile Andranomanalina



Hamerina indray ny zava-bitan'ireto zokiny ireto ny mpilalaon'ny CEA amin'izao.

Tafakatra ho isan'ny mpifaninana anatin'ny fiadiana ny tompondaka federaly 2 ny Club Etoile Andranomanalina (CEA), eo amin'ny taranja Rugby. Solontenan'ny ligimparitra Vakinankaratra moa izy ireo na dia avy etsy Andranomanalina aza. Nanamboatra ary anisan' ireo klioba sangany izy ao amin'ity sokajy ity, izay hifandona amin'ireo klioba nidina avy any amin'ny TOP 20, toa an'Ambondrona sy ny maro samihafa. Tsiahivina fa klioba nanana ny maha-izy azy ny CEA tany amin'ny taona 80 - 90 tany. Mbola tsaroana ny fihaonan' izy sy Ambondrona tamin'ny taona 1996. Nahilik'ireto farany moa izy ireo, tafiditra tamin'ny lalao manasadalana ny fifaninanana ho an'ireo Elite teto Antananarivo. Tamin'izany koa no heno farany ity klioba ity. Tamin'izany fotoana izany anefa dia nampiaiky ny maro ny fahaizan-dry Haja kavia, izay tena nanahirana ny klioban-dry Ingahindriana (3FB) mihitsy ny nifanehatra taminy. Ity klioban' ny CEA ity koa no nahazo ny amboara intelo misesy ka lasany tanteraka izany. Mbola tsaroana hatrany ny loko mavo nirentirenty tetsy amin'ny kianjan'ny Malacam rehefa milalao Andranomanalina. Mitondra irony voninkazo Mimoza irony ny mpanohana azy, ka eo amin'ny ilany amin'ny Tribune. Efa manomana be moa ny "generation" vaovao, ka antenaina hahavita na hihoatra ny vitan'ireo zokiny tany aloha.

*Tsy resy mihitsy aloha izy ireo hatreto nandritra ny lalao fiomanana ny federal2.*

**Rabenaivo**

Kitra - Lalao Afrikanina 2024

# Voatendry hitsara ny fifaninanana i Brudo Romuald



Hitsara lalao afrikanina i Brudo Romuald.

Na dia tsy mandray anjara amin'ny Lalao Afrikanina aza ny ekipam-pirenena malagasy, manana solontena kosa isika eo amin'ny lafiny fitsarana baolina. Nahazo fanendrena avy amin'ny mpikarakara i Benantenaina Bruno Romuald, izay mpitsara mpanampy voalohany no andraikiny, ka manomboka amin'ny 15 martsa izany fifaninanana izany. Manana traikefa ary efa zatra mitantana lalao sy fifaninanana goavana izy, ka antenaina fa tsy hisy ny tahotra na olana hitranga amin'izany. Mbola mendrika ary ankasitrahin'ny CAF hatreto ny fhaiza-manaon'ny mpitsara baolina malagasy ka mahatonga azy ireo hanendry solontenan'i Madagasikara hatrany, indrindra amin'ny sehatra iraisampirenena. Mahakasika ny tontolon'ny fitsarana baolina izay hatrany, nahazo fanendrena hitsara ny COSAFA eo amin'ny taranja baolina kitra ambony torapasika ny mpitsara baolina 2 malagasy, ahitana an'i Hachim Said Nassur sy Maolidy Tsaralaza Naccache. Tsy atoro voanjo hadiana amin'ity taranja Beach Soccer ity izy mirahalahy, raha tsy hilaza afatsy i Hachim Said Nassur, izay saika nahazo fanendrena hatrany isaky ny misy lalao irisam-pirenena goavana, eo amin'ity taranja baolina kitra ambony tora-pasika ity. Nisongadina ary nahafehy ny iraka nampanaovina azy izy ka nahatonga hatrany CAF sy FIFA manendry azy.

**Rabenaivo**

Basket - Yuzou Smatchin Orange

# Raikitra ny sakoroka teo amin'ny Aceem sy ny Egs

Rava teo amin'ny $2^{ème}$ quart temps ny fihaonana teo amin'ny Aceem sy ny Egs omaly tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena, tafiditra amin'ny fifaninanana Youzou Smatchin Orange, taranja Bsketball. Nisehoan'ny sakoroka teo amin'ireo mpilalao ka tsy maintsy niditra an-tsehatra ny mpitandro ny filaminana nanasaraka. Efa somary nafana am-boalohany ihany ny lalao, satria tsiahivina fa efa niatrika ny lalao famaranana tamin'ny "Mbala" andiany 2023 ireto sekoly roa ireto, ka samy niaro ny rambony tsy ho tapaka. Nafana ny fifandonana niampy rahom-bava ka niafara tamin'ny sakoroka izany. Andrasana ny fanapahan-kevitra horaisin'ny Team Smatchin mpikarakara, izay azo antoka fa tsy maintsy hanisy ny sazy hentitra mifanaraka amin'izany. Manimba endrika ity fifaninanana ity ny toe-javatra tahaka ireny, ka antenaina fa samy handray andraikitra hanoro sy hananatra ny sekoliny avokoa ireo tomponandraikitra voakasika isakiy ny sekoly. Mbola hafana rahateo ny lalao rehefa miditra amin'ny dingana famaranana, ka dieny izao dia mila misoroka, satria tsy mora ny miandraikitra ny filaminana rehefa tojo korontana toy ireny. Na ny fandaharam-potoana izay efa voalahatra sy narindran'ny mpikarakara aza tsy voaharaka fa lasa mikorontana avokoa. Mila tony daholo ianareo mpilalao manomboka eto e !

*Andrasana ny fanapahan-kevitra horaisin'ny Team Smatchin, mpikarakara.*

**Rabenaivo**